



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitavahana - Tanindrazana - Fandrosoana

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-99

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-
DALÀNA LAHARANA FAHA-016/2020 TAMIN'NY 30 OKTOBRA 2020,
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA, TAONA 2021

Fivoriana faha-13
Natao ny
- Zoma 27 Novambra 2020 -
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany:

- RASOLONJATOVO Honoré

- RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FOTOANA: Zoma 27 Novambra 2020, tamin'ny 5 ora sy 20 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 tamin'ny faha-30 Oktobra 2020, momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2021.

-1-

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Mitohy ny fivoriantanika; miarahaba antsika Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriambe izao.

Arahabaina torak'izany koa, Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ireo teknisiana miara-dia aminy.

Miangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fanamarihana ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka.

-2-

- Fiantsoana anarana -

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Angatahana ampanajana samy hanonona ny anarany ny Solombavambahoaka mba ahafahana manamarika ny fahatongavana.

AFAKANDRO Alphonse

.....

.....

.....

ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

Vita, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Mpitantsoratra isika tamin'izay fiantsoana anarana nataony teo izay.

Izay no ela fa hiroso amin'ny fandaharam-potoanana isika izao tolak'andron'ny Zoma faha-27 Novambra 2020 izao, izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-016/2020, tamin'ny 30 Oktobra 2020 momba ny volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2021.

Koa iangaviana ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Vola sy ny Tetibola hamaky ny tatitra momba izany.

Omena anao ny fitenenana, Andriamatoa Mpampakateny, hanoloranao ny tatitra.

-3-

- Famakiana ny tatitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 -

Andriamatoa TSARADIA Marco

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Toy izao ny tatitry ny asam-baomiera hoentina eto amintsika.

Nivory ny Alatsinainy faha-23 Novambra, ny Talata faha-24 Novambra, ny Alarobia faha-25 Novambra, ny Alakamisy faha-26 Novambra, sy ny Zoma faha-27 Novambra 2020 ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Teti-pivoarana ary ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 tamin'ny 30 Oktobra 2020 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2021.

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda
2. ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
3. ANDRIAMIATRIKARIVO James Pierrot
4. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
5. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
6. FIENENA Richard
7. HENRI Jean Michel
8. MOHAMAD Ahmad
9. RABEKIJANA Solofo Hery
10. RABENIRINA Maminiana
11. RAFENOMANANTSOA Aina
12. RAFIDIMANANA Narson

13. RAKOTOARISOA Johnny
14. RAKOTOMAMONJY Neypatraiky
15. RALAMBOZAFIMBOLOLONA R. Fetra
16. RAMBOASALAMA Emilien
17. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
18. RASIDIMANANA
19. RANDRIAMANAMPISOA Alfred
20. RASOLONJATOVO Honoré
21. RATSIMBAZAFY Alain Jean
22. RAVONTY Tam Téon Luc
23. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
24. RAZARA Pierre Fidèle
25. REMI dit Jao Jean
26. VONINAHITSY Jean Eugène
27. TSARADIA Marco

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Teti-pivoarana tonga nivory:
Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMAMPANDRY Todisoa
2. ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
3. RATSIMBAZAFY Alain Jean
4. RAMBOASALAMA Emilien
5. RALAMBOMANANA Fenoharintsoa
6. RANDRIAMBOLAINA Gerry

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. JOHASY RAHARISOA Eléonore
2. RABENIRINA Maminiaina
3. RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol
4. RANDRIANASOLO Augustin
5. RICHARD Tsimahalefy Alexandrine
6. RAVELOSON Guillaume N.
7. RASOAZANANERA Marie Monique
8. RAZAFINDRAVONY Marofidy Christine

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nivory:
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAZAFIMANANTSOA Hanitra
2. INDRIANDRO Julien
3. EDIZARD

4. CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
5. RANDRIANATOAVINA Jean Martin
6. RAHOLDINA Naivo
7. RAMENASON Rio Merci
8. MAMIZARA Yasmirah Laetia
9. RATSIMANDRIONA Aida Hardy
10. RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth
11. VOAHINGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette
12. RAKOTOMALALA Miarintsoa
13. RAYMOND
14. RAZAKANDRAINY Dominique

Ireto avy ireo teknisiana nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | | |
|-----|-----------------------------------|---------------------|
| 1. | RABARINIRINARISON Rindra | SG/MEF |
| 2. | ANDRIAMANANTSILAVO Mampionona | DGT/DOF |
| 3. | ANDRIAMAVOHERY Florence | DGFAG/DSP |
| 4. | ANDRIAMBELO Maminirina | MEF/SG |
| 5. | ANDRIAMIFIDY Soafaniry | MEF/SG/DGT/DDT/SADE |
| 6. | ANDRIANAFERO Harinirina Yolande | MEF/DOUANES |
| 7. | ANDRIANARISOA Fanjanirina | MEF/DGFAG/DB/SSPI |
| 8. | ANDRIANOMANANA Razafindramavo | MEF/SG/DGFAG/DB/SSB |
| 9. | ANDRIANASOLO Avotra | DGT/DDP/SASD |
| 10. | DONAH | MEF/SG/DGI/DRR/SSP |
| 11. | FARANDRIAKA Claude | DGFAG/DB/SSB |
| 12. | FIARANANIRINA J Maximilienne | DGFAG/DB/SSB |
| 13. | GERMAIN | DGI |
| 14. | HOVA Malala Natacha | DGFAG/DB/SSB |
| 15. | JONASY J. | MEF |
| 16. | LAINKANA Zafivanona | DG /DOUANE |
| 17. | RAOELINA Andrianina S. | DGFAG/DB/SSPI |
| 18. | RAHARIJAONA NDRIANARILALA Rado | MEF/SG/DGI/DDP/STDI |
| 19. | RAHARISON Thierry Naina | DGD/DLV/SLR |
| 20. | RAHASIVOLOLOMBOHANGY Ny Ako | DGFAG/DB |
| 21. | RAJAONA Ambinintsoa Nomenjanahary | MEF/SG/DGT/DDP/SASD |
| 22. | RAJAONARISON Njakanasandratra | DGEP/DEME/CE |
| 23. | RAJAONARISON Dinaniaina | DGT/DDP/SASD |
| 24. | RAJAMARISON Laza | DGFAG/DB/SSB |
| 25. | RAJONSON Zaratiana Finaritra | DB |
| 26. | RAKOTOARIMALALA Haja | DOUANE |
| 27. | RAKOTOBÉ Harilalaina Tahina | DGT/DE/SSAE |
| 28. | RAKOTOMALALA A. Maminiaina C. | MEF/DGFAG/DB |
| 29. | RAKOTONDRAMANANA Onja Miandry | DLFC |
| 30. | RAKOTOARIHANTA Andriantsilavo | DGFAG/DB/SSB |
| 31. | RAKOTONIAINA Rina | DGT/DE/SPSE |

32.	RAKOTOSON Solonirina Aimé	MEF/CAB/CT
33.	RAKOTOVAO Rolland	DGD/SLR
34.	RAKOTOVAO Andriamisetrarivo	DGD/DLV/SLR
35.	RAMANAMPANO HARANA Andry	PCSC
36.	RAMIANDRISOA Olivier	MEF/DGEP
37.	RANAIVOZANANY Jerry	MEF/DGFAG/DB/SSB
38.	RANDIMBIARISOA Oliva	MEF/DGFAG
39.	RANDRIAMAROLAFY Odile	DGT/DE/SSAE
40.	RANDRIAMPARANY Tantely Sarah	DGFAG/DB/SSB
41.	RANDRIANARISON Sitraka Tsitohaina	PCNM
42.	RANJALAHY Ihaja	MEF/DGT
43.	RASAHAVELO	DGCF
44.	RASENDRASON Miarintsoa Harinihaja	DGEP/DEME/SPCM
45.	RATOVOHARIVONY Mihamino	MEF/DGT/DE
46.	RAZAFITRIMO Volasoa	DAJLF/DOUANE
47.	RAZAFY Harison Vonjy	MEF/DGARMP
48.	RAZAFINDRAINONY Thierry-José	DLV/DOUANE
49.	SOJA Randriamantena Christophe	MEF/DGD
50.	TSIENGENY Jocelyn	DGFAG/DGEAE

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hitondrany fanazavana mikasika ity volavolan-dalàna ity.

Fampahatsiahivana mikasika ny tahatombon'ny toekarena no nanombohan'ny teknisiana ny fandraisam-pitenenany. Novinavinaina ho 0,8% io fitomboana io ao amin'ny tetibola nasiam-panitsiana ny taona 2020 ary noheverina fa tsy hidina. Noho ny fisian'ny "covid-19" anefa, nanjary -3,8% izany. Nitondra faisana tamin'izany ny sehatry ny fizahan-tany izay niiba hatrany amin'ny 79,4%. Nahitana fihenana tamin'izany ihany koa ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany, -53.2% noho ny fikatonan'ny orinasa ao Ambatovy. Ny tarehimarika dia nahitana fihenana koa teo amin'ny «textile» izay nihena ho -6,6%. Ny BTP ihany no tsy voakasika tamin'izany.

Tombanana ho 4,5% ny tahatombon'ny harin-karena faobe izay andrasana amin'ity lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2021 ity. Amin'ny alalan'ny fampiasam-bola entina manatsara ny tolotra no fitaovana hanatratrarana izany amin'ny sehatry ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany, ny "textile" ary ny BTP.

Tombanana ho 22,8% ny tahan'ny fampiasam-bola na "taux d'investissement" amin'ny taona 2021 raha toa 17,8% izany tamin'ny taona 2020. Heverina hanana taha ambony 13,4% ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana raha 9,4% ny an'ny sehatra miankina amin'ny Fanjakana.

Araka izany, vinavinaina ho 4,5% ny tahatombon'ny toekarena amin'ny taona 2021 ary 6,2% izany amin'ny taona 2023. Marihina fa ny vinavina napetraka talohan'ny nahatongavan'ny valan'aretina "covid-19" dia taha 7% amin'ny taona 2023.

Manarak'izany, tomanana ho 6,2% ny fisondrotry ny vidim-piainana amin'ny taona 2021. Nahitana olana mantsy teo amin'ny tontolon'ny famatsiana tamin'ny taona 2020 ka nahatonga fiantraikany ratsy eo amin'ny lafiny tolotra eny amin'ireo tsena. Azo lazaina ho marin-toerana ihany izany satria taorian'ny fihibohana dia niverina namokatra tsikelikely ny seha-pamokarana rehetra, niakatra ny tinady sy ny vidin'entana.

Andrasana ho 3 936,7 ny sandam-bola "Dollar US"/Ariary ho an'ny taona 2021. Nahitana fihenana-tsanda -3,7% izany raha ampitahaina amin'ny taona 2020. Tsara marihana anefa fa manampy amin'ny fitazonana ny sandan'ny Ariary ny fahazoana famatsiana ara-bola avy any ivelany sy ny hetsika fampodiana vola na ny "rapatriement des devises" izay manatsara ny tahiry. Marihana ihany koa fa manana tolodrahara tsy entina mamokatra mandritry ny 6.9 volana "d'importation" isika ny taona 2020 ary vinavinaina ho 6.1 volana "d'importation" izy io amin'ny taona 2021. Nanampy tamin'ny fitazonana io sanda io ihany koa ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM) tamin'ny alalan'ny fametrahana politika ara-bola somary malina amin'ny alalan'ny famerana ny fiovan'ny antontam-bola ho +19,4% raha toa +28,1% izany tamin'ny taona 2020. Eo amin'ny fandaniam-bolam-panjakana indray dia tomanana 19,6% izany amin'ny taona 2021 raha toa 20,2% izany tamin'ny taona 2020.

Tomanana ho 5,4% ny fisondrotry ny harin-karena maneran-tany amin'ny taona 2021 raha toa -4,9% tamin'ny taona 2020. Any amin'ny tany andalam-pandrosoana indray, vinavinaina ho 5,9% ny taona 2021 raha -3% izany tamin'ny taona 2020 fa ny eto Madagasikara kosa, 4,5% ny tombana andrasana amin'ny taona 2021 raha toa -3,8% ny taona 2020 araka ny efa nolazaina teo aloha. Novinavinain'ny BAD ho 5,6% ny fiakaran'ny harin-karena malagasy amin'ny taona 2021 raha 3,5% no hitan'ny Tahirimbola Iraisam-pirenena. Latsaka eo anelanelan'izany ny tombana izay natao teto an-toerana araka izany.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny votoatin'ny volavolan-dalàna ny teknisiana.

NY HETRA

Novinavinaina ho 3747, 72 Miliara Ariary ny fidiram-bola ara-ketra anatiny amin'ny taona 2021 raha toa 2757 Miliara Ariary izany tamin'ny tetibola nasiam-panitsiana, taona 2020 ka 6,1% no anjaran'ny Fandraharahana ara-ketra amin'ny tahan'ny tsindrin-ketra (TPF). Nahitana fiakarany avokoa ny vola ampihirina amin'ireo karazan-ketra mandrafitra ny hetra. Marihana fa ny ezaka ara-pitantanana no natao mikasika izany fa tsy nisy fampiakarana taha akory na famoronana hetra vaovao.

Nametraka programan'asa maro ny Fandraharahana ara-ketra amin'ny alalan'ny fandaharan'asa Hetsika Tambazotra na "Initiative Digitale" toy ireto manaraka ireto

- Fametrahana ny sehatra «front office e-hetra: e-déclaration, e-paiement, e-bilan, e-salariés»;
- Ny rafitra vaovao "back office" ho fitantanana mitambatra ireo hetra sy haba amin'ny alalan'ny SAFI;
- Ny fametrahana ny haba amin'ny tsenam-baro-panjakana (TMP)
- Ny fanitarana ny ambaindain'ny mpandoa hetra.

Lalan-jotra maro ihany koa no vinavinaina hapetraka ato anatin'ity volavolan-dalàna ity toy ny:

- Fanomezana fanalefahan-ketra ho an'ny indostria eto an-toerana, ho an'ireo akora fototra
- Fanamboarana ny fepetra ara-ketra ahafahan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana manatsara ny fidiram-bolany;
- Fepetra entina miaro ny vola miditra amin'ny hetra;
- Firosoana amin'ny elektronika amin'ny Fandraharahana ara-ketra;
- Fanitarana ny sehatra ampiharana na "assiette fiscale" momba ireo orinasa madinika;
- Fanentanana ny olom-pirenena hikarakara ny fananan-taniny;
- Fanafoanana ny TVA mikasika ny fanafarana fitaovana mikasika ny fahasalamam-bahoaka.

NY FADINTSERANANA

Nilaza ny teknisiana fa ny fidiram-bolan'ny Fadintseranana dia arakaraky ny hamaroan'ny fanondranana sy fampidiran'entana misy. Ho an'ny taona 2020, teo anelanelan'ny volana Aprily ka hatramin'ny volana Oktobra dia nihena ho 12%-n'ny "intrants" sy ny "matières premières" izay "taxés à 5%", nihena 15%-n'ny «produit intermédiaire» izay "taxé à 10%" ary 25% «produits finis» izay "taxés à 20%". Ny «produit pétrolier» izay miantoka ny 30%-n'ny fidiram-bolan'ny Fadintseranana dia nahitana fihenana 50%.

Amin'izao fotoana izao, miezaka mampiasa ny «Big data» ny Fadintseranana mba ahafahana mampita ny vaovao momba ireo entana izay mifamezivezy na miditra na mivoaka.

Ho an'ny taona 2021 dia manana vina ny Fadintseranana ny hampiditra 2 869,1 Miliara Ariary ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana ka ny 75% amin'io dia heverina fa avy amin'ny «Produits non pétroliers» ary 25% kosa ny «produits pétroliers» izay tsara marihana fa ny OMH no manao ny vinavina izay fatran'ny solika hafarana.

Ankoatr'izay dia hisy fepetra ara-ketra maromaro hapetraka eo anivon'ny Fadintseranana ka voakasik'izany ny:

Fampiakarana ho 20% ny habatseranana alaina amin'ireo kitapo vita avy amin'ny «polypropylène» mba hahafahan'ireo vokatra eto an-toerana mifaninana.

Fanafoanana ny haba alaina amin'ny varim-bazaha ho fampiroboroana ireo orinasa malagasy hamokatra "farine" eto an-toerana. Tsara marihana fa mandany 233 Miliara Ariary isan-taona amin'ny fanafarana lafarina avy any ivelany isika ka ny famokarana an'io eto an-toerana dia hampihena ny vidiny eny an-tsena no sady hahafahana manome aina ny sandam-bola Ariary.

Mbola tafiditra ao anatin'ny fepetra ara-ketra noraisina ihany koa ny:

- Ny «Recouvrement des arriérés» na fitakiana ireo volam-panjakana efa voasoratra fa mbola tsy tafiditra ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana,
- Ny fametrahana ny ivotoerana manokana manao ny tombam-bidy (centre de valeurs),
- Ny fametrahana ny sampana fanaraha-maso,

- Ny fanaraha-maso ny fampiharana ireo fepetra manokana momba ny fanafoanana habatseranana sy ireo karazana tombotsoa manokana,
- Ny «100% Scanning» ka tanjona ny hampandalovana ireo entana rehetra mivoaka sy miditra ny Fadintseranana amin'ny «scanner» mba hanafainganana ny fomba fiasa sy hisorohana ny mety fanaovana hosoka,
- Ny fanadiovana ny fomba fiasa miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka rehetra amin'ny Fadintseranana.
- Ny fampivondronana ireo sampana mpanao fanadihadiana sy fanombanana ny mety hisian'ny hosoka,
- Ny «profiling à l'embarquement», na ny fitsirihana ireo entana miainga avy any amin'ny toerana hanondranana azy,
- Ny fametrahana ny rafitra fanadihadiana mavitrika amin'ny alalan'ny «digitalisation» ahafahana mitsirika haingana ireo hosoka.

Noho ireo fepetra ara-ketra horeaisina ato anatin'ity volavolan-dalana ity dia heverina fa hisy fatiantoka 16,72 Miliara Ariary ny fampidiram-bola eo anivon'ny Fadintseranana. Tarehimarika izay azo lazaina fa tsy mavesatra loatra raha oharina amin'ny vola heverina fa hampidirina.

NY FANDANIAM-BOLAM-PANJAKANA

Nitohy ny Alakamisy faha-26 Novambra 2020 tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny fivoriana.

Fandraisam-pitenenan'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy Fitantanam-bola

Nambaran'Andriamatoa Minisitry fa solotenan'ny vahoaka amin'ny toerana misy azy tsirairay ny olom-boafidy toy ny Solombavambahoaka sy ny Filohampirenena, samy mahatsapa ny maharary sy ny laharam-pahamehana amin'ny vahoaka izy ireo. Midika izany fa ny politika ankapoben'ny Fanjakana izay mifanandrify amin'ny veliranon'ny Filohampirenena no hapetraka. Miisa 13 io velirano io izay mandrafitra ny politika hitondrana ny Tetibola amin'ny taona 2021.

Raha niantomboka ity taona 2020 ity dia novinavinaina hiakatra ny fitombon'ny tahan'ny harin-karena. Raha narafitra ity lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity dia heverina ho 4,5% ny fiakaran'ny harin-karem-pirenena; kanefa niatrika ny fihibohana ny firenena nanomboka ny volana Martsa mba hiarovana ny fahasalam-bahoaka tamin'ny valan'aretina "covid-19". Maneran-tany dia mbola misy ahiahy ny hiverenan'ny valan'aretina, noho izany dia mbola misy ny ahiahy amin'ny hiverenan'io "covid" io amin'ny taona 2021. Ity lalàna mifehy ny Tetibola taona 2021 ity dia narafitra amin'ny politikan'ny fientanan'ny toekarena aorian'ny "covid" (politique de relance post-covid). Ny Fanjakana no mitarika ny ezaka tokony hatao eo amin'ny toekarena, fampianarana, ny fahasalamana, sns...

Raha mijery ny antontanisa dia toy izao ny fandanium-bolam-panjakana tamin'ny taona:

- 2017: **6 330,3** Miliara Ariary
- 2018: **7 068,1** Miliara Ariary
- 2019: **7 921,0** Miliara Ariary
- 2020: **10 531,9** Miliara Ariary

ary ny taona 2021 dia tombanana ho **11 420,2** Miliara Ariary izany.

Eo amin'ny fidiran-ketra dia hezahina ny hahatratrarana 10,9% (**nette**) ny tahan'ny fidiran-ketra amin'ny taona 2021 raha toa **8,8** % izany tamin'ny taona 2020, 11,3% (Brut).

Ny ao amin'ny Sampandraharahan'ny Hetra dia niezaka nanao fanabeazana ny olona mba handoa hetra, ohatra amin'izany efa maro ireo mpisehatra madinika efa miroso amin'ny hetra tambatra.

Eo amin'ny fandania amin'ny karama dia raha 1 960 Miliara Ariary izany tamin'ny taona 2017 dia vinavinaina ho 3 183 Miliara Ariary izany amin'ny 2021.

Anisany tsy maintsy tandremana ny fomba fikajiana ny fandania, ary tsy maintsy atrehina koa ny «déficit» mba tsy hampitotongana ny sandan'ny vola Malagasy. Midika izany fa tsy ao anaty eritreritra ny hanaovana fanontana vola vaovao (planche à billets). Eo amin'ny findramam-bola dia mbola manana «marge de manœuvre» raha hanohana ny fientanan'ny toekarena ka hahazo fiakaran'ny harin-karena any amin'ny 6% any ho any **amin'ny taona 2023**.

Mikasika ny teboka roa tiana haroso:

- i) ny fanampiana ny Tetibolan'ny Antenimierampirenena: hoentina any amin'ny Filohampirenena ny fangatahana;
- ii) mikasika ny tsenam-barom-panjakana dia tokony hisy fandaminana eo anivon'ny CCPREAS.

Raha jerena ny firafitry ny fandania eo anivon'ny Tetibola ankapobeny dia mitsinjara toy izao: teo amin'ny karama dia nahatratra 29%, ny tambin-karama 2%, «Biens et services» 4%, fampindramam-bola 13%. Ny fampiasam-bola anatin'ny kosa dia 20% raha toa ka 31% ny fampiasam-bola avy any ivelany. Nisy ny fidinan' ny tahan'ny fampiasam-bola anatin'ny raha mihoatra tamin' ny taona 2020 ka anisan'ny nampidina izany ny valan'aretina "covid". Ny fampiasam-bola ivelany dia miankina amin'ny famatsiam-bola avy any ivelany. Niakatra ihany koa ny karama raha mihoatra tamin'ny taona 2020 ka anisan'ny nampiakatra izany ny fiakaran'ny «postes budgétaires». Ny tambin-karama dia nisy fidinana. Teo amin'ny «biens et services» dia nisy fihenana satria nanaovana tantsoroka ny «frais médicaux» sy nanohanana ny «caisse de retraite». Mikasika ny latsakemboky ny mpiasa dia nisy fidinana teo amin'ny tetibola noho ny fivadihan'ireo mpiasa ECD ho ELD. Momba ny fampandehanan-draharaha dia nidina teo amin'ny 10% ny Minisitery rehetra. Teo amin'ny sehatry ny fanabeazana dia teo ihany koa ny firosoana tamin'ny fiantsorohana ny saram-pidiran'ireo mpianatra any amin'ny Sekolim-panjakana fototra sy ny karaman'ireo mpampianatra FRAM izay nahatratra 51 Miliara Ariary. Nampiakarina ho 25 Miliara Ariary ny vola fanampiana ny Kaominina. Mikasika ny fampiasam-bola dia notohizana ny famatsiam-bola ho fanenjehana izay mbola tsy voavatsy vola tamin'ny taona 2020.

Ireto manaraka ireto ny fandania-bolam-panjakana isaky ny sehatra:

- Sosialy: 27,5% tamin'ny taona 2020 ary vinavinaina hiakatra 31,9% izany amin'ny taona 2021;
- Sampandraharaha: vinavinaina ho 46%;
- Fandriampahalemana: vinavinaina ho 13%;
- PIP anatin'ny: 31%.

Fifandanjan'ny Tetibola: vinavinaina ho 11 450,2 Miliara Ariary;

Fatiantoky ny Tetibola: vinavinaina ho 3 230 Miliara Ariary;

«Dons»: vinavinaina ho 1 437,8 Miliara Ariary;

Vola azo amin'ny Hetra: vinavinaina ho 6 616,8 Miliara Ariary;

«Fonds de contrevaieur»: vinavinaina ho 486 Miliara Ariary;
 PIP ivelany: vinavinaina ho 5489,1 Miliara Ariary;
 Fampandehanan-draharaha: vinavinaina ho 2 034,1 Miliara Ariary;
 Karama: vinavinaina ho 2 958,4 Miliara Ariary;
 Fandoavana zana-bola: vinavinaina ho 482,5 Miliara Ariary.

FANAZAVANA AVY AMIN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Mahakasika ny «recettes non fiscales» sy ireo «cadres» mandrafitra ny Tetibola no itondrana fanazavana:

Momba ny «recettes non fiscales»:

Miankina amin'ny tombony azon'ireo orinasa no ahazoan'ny Fanjakana vola betsaka amin'ny «dividendes».

Amin'ny taona 2021 dia Vinavinaina ho 164,9 Miliara Ariary ny vola azo amin'ny «recettes non fiscales». Nidina izany raha oharina tamin'ny taona 2020 satria vokatry ny valan'aretina “covid-19” dia tsy nisy tombony ny orinasa.

Tombanana ho 71,5 Miliara Ariary ny «dividendes» amin'ny taona 2021 raha toa ka 85,6 Miliara Ariary izany ny taona 2020. Ireo dia azo avy amin'ny Banky sy ireo orinasa mpandraharaha amin'ny solika sns...

Manampy ireo «dividendes» dia misy koa ireo vola tombony azo avy amin'ny fampindramam-bola nataon'ny Fanjakana amin'ireo orinasa.

Eo ihany koa ireo “redevances” isankarazany izay mitotaly 72 Miliara Ariary hanampy ny kitapom-bolam-panjakana ny taona 2021.

Farany dia misy koa ireo vola miditra lazaina fa “autres recettes non fiscales”.

Mba hahatrarana ny tanjona eo amin'ny “recettes non fiscales” ny taona 2021 dia mitondra ireto fanavaozana manaraka ireto ny Tahirim-bolam-panjakana:

- Ny “Compte de commerce” dia averina ao amin'ny tetibola ankapobeny raha toa notantan'ny avy ao amin'ny Minisitery izany teo aloha;
- Fametrahana ny “guichet unique” hoan'ireo izay tena ahitana fidirambola lehibe toy ny passeport, minier, permis sns..., mba hanatsarana ny tolotra omena ny mpanjifa;
- Fanisana ny “recettes non fiscales” izay efa misy mba hampidirina ao amin'ny tetibola ankapobeny
- Fametrahana ny “Huissier de Trésor” mba hanatsarana ny asa famoriana ny vola. Marihana anefa fa tsy mbola misy vola natokana hoan'izany ny ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana.

Mahakasika ny “cadres” indray dia mizara 5 lehibe toy izao manaraka izao: “Cadre I” dia milaza ny momba ny tetibola ankapobeny izay efa voazavan'ny teo aloha;

“Cadre II” dia milaza ny tetibola anankina (budget annexe) izay ahitana fifandanjana 34,7 Miliara Ariary amin'ny taona 2021 raha toa ka 31,4 Miliara tamin'ny 2020;

“Cadre III” kaonty manokan'ny tahirimbolam-panjakana izay ahitana ny “compte de prêts, compte de participation, compte de commerce ary ny compte d'affectation speciale”;

Ny «compte de participation» dia ireo vola apetraky ny Fanjakana amin'ireo orinasa sy ireo fikambanana iraisampirenena (organisme international).

Ny «compte de prêts» dia fampindramam-bola any amin'ny orinasam-panjakana ka singanina manokana ny fampindramam-bolan'ny SPAT hanitarana ny seranan-tsambo Toamasina;

Ny «compte de commerce» dia ny caisse de retraite CPR sy CRCM no sisa hita ao. Marihina fa io «caisse de retraite» io no tena mitondra ny ampahany lehibe indrindra ao amin'ny «Cadre III» izay hifandanja eo amin'ny 783 Miliara Ariary amin'ny vola miditra sy mivoaka.

“Cadre IV” izay ahitana ny «dons en nature» avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka, indrindra i «Japon». Ny fampiasana ny vola azo avy amin'izany dia iarahana amin'ireo mpanome ny fandinihana azy.

«Cadre V» milaza momba ny famatsiana ny fantiantoky ny Tetibola.

Ny PIP eto Madagasikara amin'ny ankapobeny dia vatsian'ny mpiara-miombon'antoka avy any ivelany amin'ny alalan'ny fampindramam-bola izay mitotaly 2265 Miliara Ariary. Misy koa ny famatsiam-bola “exceptionnel” (aide budgétaire) izay hamatsiana ny Tetibola. Mitentina 321,3 Miliara Ariary ny vola mety ho azo amin'ny taona 2021.

Ao amin'ity Tetibola ity koa dia misy sora-bola 704 Miliara Ariary izay tsy vola miditra fa vokatry ny fiakaran'ny vola aloa amin'ny famerenana ny trosa noho ny fitotonganany sandam-bola (réévaluation du stock de la dette).

Amin'ny taona 2021 dia hitentina 355 Miliara Ariary ny vola haverina amin'ny trosa. Noho izany dia mitentina (3 291,1 - 355) Miliara ny fitrosana ivelany hamatsiana ny fatiantoka.

Momba ny fitrosana anatin'ny indray dia ahitana fizarana toy izao:

Vola azo avy amin'ny alalan'ny “Bon du Trésor”: 2953,9 Miliara Ariary ny vola miditra raha toa 2692,5 Miliara Ariary ny vola haverina; izany hoe 261,4 Miliara Ariary ny vola tena ho azo hamatsiana fatiantoka. Marihana fa “système de revolving” no hatao izany hoe manao “souscription de bon du Trésor” vaovao mba ahazoana mamerina ny “Bon du Trésor échu” ary maka amboniny mba ahafahana mamatsy ny fatiantoka.

Misy koa ny “avance statutaire” izay alaina any amin'ny Banky Foibe izay 5%-n'ny “recettes budgétaires” azo tamin'ny taona teo aloha izany. Ho an'ny taona 2020 dia 288 Miliara Ariary ny “avance” azo alaina ary 264 Miliara Ariary ho an'ny taona 2021 fa tamin'ity taona ity dia mbola tsy naka isika.

Misy ihany koa ny “**Autres Financements Extérieurs**” 890 Miliara Ariary voasoratra ao amin'ny “cadre V”. Io dia famatsiam-bola antenaina ho azo rehefa hanao fandaharan'asa amin'ny FMI isika. Marihana fa tamin'ity taona 2020 ity dia nahazo 1 288 Miliara Ariary (FCR1 et FCR2) isika, ireo vola azo tamin'ny FMI ireo dia tsy natao hamatsiana ny “balance de paiement” fa nomen'ny Banky Foibe an'ny Tahirim-bolampanjakana hanampiana ny vola hampiasain'ny Fanjakana.

Ao amin'ny samihafa dia mitentina 89,5 Miliara Ariary ny sorabola ao amin'ny vola miditra izay mifandraika amin'ny “réévaluation d'encours”-n'ny FCR azo teo aloha raha misy ny fitotonganany Ariary. Ao amin'ny fandanina kosa ahitana 69,6 Miliara Ariary ka ny lehibe ao anatin'izany dia ny famerenana ny volan'ny Aro sy SPAT ary koa ny fandoavana ny fantiantoky ny Banky Foibe.

Fanontaniana avy amin'ny Solombavambahoaka sy valim-panontaniana avy amin'ny Teknisiana:

1. **Inona ny politika ataon'ny Fanjakana amin'ny fanatsarana ny sehatry fizahan-tany?**
Ny politika atao ho fitazonana izany sehatra izany dia ny fanaovana ny fampiroboroboana ny fizahan-tany anatin'ny.
2. **Anisan'ny mampiditra vola betsaka amin'ny kitapom-bolam-panjakana ny sehatra tsy manara-dalàna. Moa ve misy Tetibola mazava ato anatin'ity Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana 2021 ity mba ahafahana mampiditra azy ireo amin'ny sehatry ny ara-dalàna?**
Hita fa ambony ny tahan'ny asa tsy manara-dalàna eto amintsika, ny sehatry ny fambolena izay andry iankinan'ny toekarena no tena ahitana izany. Efa misy ny vinan'asa izay atao hoe «Projet d'Inclusion Financière de Madagascar (PIFM)» ary vatsian'ny Banky iraisam-pirenena vola hanampiana ny asa tsy manara-dalàna ho lasa ara-dalàna.
3. **Afaka manome fanazavana mikasika ny “transparence” tamin'ny “Covid-19” sy tamin'ny orinasa izay tsy manao hetsika fampodiana vola ve ianareo?**
Tena miezaka ny hamoaka ny tatitra mahakasika ny “Covid-19” ny Minisitera amin'izao ary azo jerena mivantana ao anatin'ny tranokalam-pifandraisan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny antontan-kevitra momba izany. Mba hisian'ny fangaraharana ihany dia nanokatra “Site Open Data” ny Minisitera mba ahafahan'ny vahoaka mitsirika ny fampidiram-bola sy ny fandaniem-bola rehetra izay atao. Eo amin'ny hetsika fampodiana vola **vahiny** indray dia miisa 3 254 ireo orinasa mpanondrana, ka ny 2 496 amin'izany no **mbola tsy** nahatafaverim-bola, ary 11 750 000 Dolara **no efa tafaverina**.
4. **Niiba 3,8% ny tahan'ny harikarena tamin'ny taona 2020, hiakatra ho 4,5% izany ny taona 2021. Inona ny paik'ady ataonareo hahatratrarana io vina io? Afaka lazainareo ve ny «plan marshall» hitondrana ny firenana?**
Azo atao tsara ny manatratra ny vinavinam-piakaran'ny harin-karena faobe ho 4,5% noho ny fiakaran'ny tinady tato ho ato teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, ny fivoahan'ny Madagasikara amin'ny fihibohana ary ny fisokafan'ny sisin-tany tsikelikely ka afaka hiasa araky ny tokony ho izy ny rehetra. Azo atao ihany koa ny manao ny fampiakarana ny fandaniem-bola amin'ny alalan'ny fizarana vola toy ny tosika fameno fa ny tena be mpanao maneran-tany dia ny fampiakarana ny fampiasam-bola amin'ny alalan'ny fananganana sy fanatsarana fotodrafitrasa. Mampiakatra ny tinady **anatin'ny** izany ary manatsara ny tolotra ihany koa.
5. **Iza no tomponandraikitra amin'ny fanaovana sy ny fahadisoana amin'ny “errata”?**
Raisina ho andraikitra ny Minisitera tanteraka ny fahadisoana misy ka nahatonga ny “errata”
6. **Tena hitondra fiakaran'ny tahan'ny harikarena tokoa ve ny fanaovana fampiasam-bola?**
Eny, tena mitondra fampiakarana ny tahan'ny harikarena ny fampiasam-bola noho izy mampiakatra ny tinady sy manatsara ny tolotra.

7. Tena tsy andoavam-bola tokoa ve ny fampidirana mpianatra any amin'ny Sekoly Fanabeazana Fototra? Ampy ve ny vola ampiasaina amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana?

Maimaim-poana ny fampidirana ny mpianatra amin'ny Sekoly Fanabeazana Fototra. Natao izany mba hianaran'ny zaza malagasy rehetra ary efa manao ezaka goavana ny minisitera amin'izao fotoana izao. Manana 50 Miliara Ariary ny Minisitera natokana ho an'ny FRAM amin'ity taona ity.

8. Azo fantarina ve ny lisitr'ireo mpandraharaha izay tsy nanantontosa ny hetsika fampodiana vola vahiny?

Azo omena ny Solombavambahoaka ny lisitr'ireo mpandraharaha izay tsy manao ny "rapatriement des devises" fa saingy tsy afaka manome mivantana fa halefana any amin'ny Primatiora aloha dia izy ireo indray no mandefa azy aty amin'ny Antenimierampirenena. Marihana fa miova isaky ny adiny iray io lisitra io.

9. Ny fampiasam-bola 22,8% dia azo lazaina tena tsara, azonareo omena ve ny antsipirian'izany?

Raha ny antsipirian'ny fampiasam-bola dia vinavinaina ho 13,4% ny an'ny sehatra tsy miankina amin'ny fanjakana ary 9,4% ny an'ny sehatra miankina amin'ny fanjakana;

10. Afaka manome antontanisan'ny mponina marefo ve ny Minisitera? Rahoviana ny vokatra ny "Recensement Général de la Population et de l'Habitation" (RGPH III) izay natao talohan'ny fifidianana Solombavambahoaka lasa teo vao mivoaka?

Eo andalam-pamolavolana ny famoahana izany ny INSTAT. Toy izay ihany koa ny momba ny RGPH III

11. Inona no mahatonga ny Tetibolan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ho ambony be?

Ambony ny Tetibolan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola satria izy ireo no mandoa ny fisetroan-dronono, ny "prise en charge **hospitalisation**" sns.... Izany hoe io Minisitera io no mamaha ny olana rehetra ara-bola **mitranga sy mety hitranga**.

12. Ny sehatra fambolena dia anisan'ny manampy betsaka amin'ny famenoana ny banga. Ny mahagaga dia nihena ny Tetibolan'io Minisitera io amin'ny taona 2021. Inona no antony mahatonga izany?

Tsy ny Tetibolan'ny Minisiteran'ny Fambolena sy Fiompiana irery ihany no ahitana fihenana fa hita ihany koa izany amin'ny Minisitera maro. Izany no natao mba hifanaraka amin'ny vola miditra izay misy fihenana ihany koa.

13. Inona ny fandaharan'asa ny Fanjakana ahafahana manao fandravonana ny Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana?

Miova tanteraka ny fandrafetana ny Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana nanomboka tamin'ny taona 2019 ka ny Minisitera tsirairay no manao ny tolo-kevitra fa ny Filankevitry ny Minisitra kosa no manapakevitra arakaraky ny laharam-pahamehan'ny Fanjakana.

14. Ahoana no ahafahana milaza fa midina ny vidin'entana amin'ny 2021 nefa ny vidiny eny an-tsenana amin'izao dia tsy mitsahatra miakatra?

Misy ny atao hoe "saisonnalité" momba an'io. Io tahan'ny fisondrotry ny vidim-piainana izay novinavinaina io dia nokajiana amin'ny ankapobeny fa misy ihany koa ny tahan'ny fisondrotry ny vidim-piainana amin'ny faran'ny taona

15. Nahoana no sehatra iray ihany no anaovana "intervention" amin'ny "exonération" fa tsy izy rehetra?

Anisan'ny politikan'Andriamatoa Filohampirenena ny hamokatra PPN. Ny paty izay azo avy amin'ny varim-bazaha dia anisan'ny foton-tsakafon'ny Malagasy. Mora ny hanjifana ny vokatry eto antoerana raha ny akora fototra no hafarana any ivelany ka izany no nanaovana ny fanafoanan-ketra amin'io sehatra io.

16. Aiza ho aiza ny vidin-tsolika amin'izao fotoana izao? Efa «apurés» ve? Rahoviana isika no hiditra amin'ny "tendances réelles"?

Raha ny resaka solika indray dia amin'ny faran'ny volana Janoary isika vao hahatratra ny "équilibre", izany dia miankina amin'ny hamaroan'ny fanafarana. Ny "passifs" mifandraika amin'ireo mpamatsy solika (pétroliers) dia vinaina ho 10 Milliards d'Ariary amin'ity Desambra 2020 ity.

17. Aiza ny tarehimarika tena marina mahakasika ny vola nofaritana tamin'ny LFR 2020 sy ny tarehimarika tena tafiditra. Mila fanazavana tekina hoe firy ny tsy tratra ary ahoana no hahafahatsika hanenjika ilay vinavina 151 Miliara Ariary isam-bolana nofaritana?

Raha oharina amin'ny LFR 2020 dia efa tratra ny 94% ary tsy mbola tafiditra ao anatin'io ny roa volana farany.

Raha atambatra ny Fampidiram-bola ny volana Janoary ka hatramin'ny 23 Novambra 2020 dia 2 371 Miliara Ariary izany raha noheverina ho 2 500 Miliara Ariary; na izany aza dia mbola tsy ao anatin'io ny volana Desambra ary mbola miandry fankatoavana (validation) ny volana Novambra.

18. Ahoana ny hahatratrarana ny «Taux de pression fiscale» 10,9%?

Amin'ny alalan'ny fanatsarana ny fomba fiasa sy fahaiza-mitantana no ezahina hanarenana ny fampidiran-ketra. Tsy hisy velively ny fanerena ireo orinasa izay hita fa tsy namokatra sy tsy nisy na reni-vola nampiasaina aza.

19. Momba ny fifandraisan-davitra dia nisy ny fangatahan'ireo mpandraharaha ny tokony hampidinana ny haba ampiharina amin'io sehatra io ho 5% mba hahafahany mampitombo ny fampiasam-bola sy mitondra fanatsarana ny tolotra ho an'ny mpanjifa, indrindra ireo izay any amin'ny faritra lavitra.

Mahakasika ny fifandraisan-davitra dia efa nisy ny fihaonana narahana fifanarana teo amin'ireo orinasam-pifandraisana sy ny DGI. Noresahina nandritra izany ny hampidinana ity «droit d'accise» ity, fa ho setrin'izay kosa dia mila mampidina ny sandan'ny fifandraisana ireo orinasa ireo mba hampisy fiantraikany mivaingana any amin'ny mpanjifa ny fanapahan-kevitra raisina; na izany aza dia anjaran'ny Parlemanta ny manapakevitra farany momba ny fampakarana na hampidinana izany.

20. Inona amin'ireo fanitsiana (réforme) izay mampihena ny fidiram-bola sy mampitombo ny fandaniem-bola natao ato anatin'ity volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana ity no azo ahitsy mba hahafahana mamaha ny olan'ny Antenimierampirenena? Tsy azo atao ve ny mampiakatra ny «droit d'accise» amin'ny fifandraisana ho 10%?

Momba ny fanitsiana azo atao amin'ity volavolan-dalàna ity hahafahana mamaha ireo olana ara-bola misy eto anivon'ny Antenimierampirenena dia manana zo feno hanao izany ny Solombavambahoaka satria ny anjaran'ny Minisitara dia mamolavola tetibola izay mifanaraka amin'ny filan'ny Firenena sy izay tetikasan'ny Filohan'ny Repoblika.

21. Azo antoka fa hamaha ny olan'ireo vahoaka malagasy maro an'isa izay tena anatin'ny faharefoana ve ny fanafoanana ny TVA amin'ny lafarina sy menaka vokarina eto an-toerana, ny fanafoanana ny haba tokony alaina amin'ny varimbazaha ary ny fampihenana ny TVA alaina amin'ny «pâte» sy «Gaz butane» izay hiteraka fatiantoka hatramin'ny 40 Miliara Arirary ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana? Raha ny fantatra mantsy dia «produits de luxe» izy ireo any Ambanivohitra sy amin'ny ankamaroan'ny Malagasy ka mahalana ny fanjifana azy. Ahiana noho izany ny tsy hampisy fiantraikany an'izao fanapahan-kevitra izao any amin'ireo vahoaka lavitra sy sahirana ara-pivelomana izay maro an'isa eto amin'ny Firenena.

Ny antony hanafoanana na hampihenana ny haba alaina amin'ny «farine» sy menaka vokarina ato anatin'ny sy ny «blé» afarana avy any ivelany dia ho fampiroboroboana ny famokarana anatin'ny mba hahafahan'ny vokatra ny orinasa malagasy mifaninana amin'ireo vokatra nafarana avy any ivelany. Toy izany ihany koa ny fanalefahana ny haba amin'ny «Pâte alimentaire» sy «Gaz butane» izay heverina hisy fiantraikany lehibe amin'ny fiarovana ny tontolo iainana.

Ny fatiantoka aterak'ireo fepetra noraisina ireo dia honerana amin'ny alalan'ny fanatsarana ny fahaiza-mitantana.

Nangataka, Andriamatoa TSARADIA Marco, teto mba tsy hanohy ny famakiana ny tatitra intsony satria tsy salama ny tenany; aleo mba ny “Rapporteur Adjoint” indray no hamarana azy hoy izy.

Ramatoa FILOHA

Eny ary, mirary anao ho salama tsara.

Miakatra ary ny “Rapporteur Adjoint” hanohy izany, ka eo amin'ny fanontaniana faha-22 ny tohiny.

Omena anao ny fitenenana.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ramatoa Filoha;

Andriamatoa Minisitara sy ny mpiara-dia aminy;

Isika Solombavambahoaka namana rehetra.

Tohizako ny famakiana ny tatitra.

22. Inona ny atao mba hahafahana mametraka ny fifandanjana ara-ketra (équité fiscale) ho an'ireo marefo?

Mba hahafahana mametraka ny fifandanjana ara-ketra dia nisy ny drafitra «Impôt Synthétique Intermittente» na ISI izay narafitra mba hahafahan'ireo tsy manana na tsy mampiasa faktiora, mandritra ny fifanakalozana ataony, mandray anjara amin'ny fampidiran-ketra.

Ankoatr'izay dia nisy ihany koa ny fametrahana politika-ketra vaovao antsoina hoe «Ny anjara hetrako» ka ireo mpiasan'ny sampandraharahan'ny hetra no mandeha eny rehetra eny manatona sy manentana ireo mpandraharaha na madinika na vaventy handrotsaka ny ampaham-bola azony ho anjara hetrany. Ankehitriny, noho io drafitra vao napetraka io dia mahatratra 1 000 isan'andro ireo olona tonga mandoa hetra, koa raha mitohy ny ezaka atao sy ny fahavitrihan'ireo mpandraharaha amin'ny «anjara hetrako» dia heverina fa ho foana ny fanaovana ny ISI.

Ireo rehetra ireo dia tafiditra ao anatin'ny ezaka ho fampanarahan-dalàna ireo fiharihana tsy manara-dalana (secteur informel) ary ezahina ny hanaparitaka izany manerana ny Nosy.

23. Tsy azo atao ve ny mampidina ny TVA alaina amin'ireo mpisehatra amin'ny fizahantany ho 10%, indrindra amin'ireo toerana heverina ho lavitra indrindra no sady manome asa olona maro?

Ezahana arak'izany ny hijery ny fanitsiana azo atao momba io seha-pihariana io amin'ny taona manaraka satria tsy ho tafiditra ao anatin'ny volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana iray avokoa ireo fanitsiana ara-ketra tokony atao eto amin'ny Firenena. Midadasika ihany koa io seha-pihariana io.

24. Inona no fomba anaovana ny «recouvrement»-n'ny haba alaina amin'ny tsenam-baro-panjakana?

Mba hisorohana amin'ny mety ho olana amin'ny fanaovana «recouvrement» ny hetra alaina amin'ny tsenam-baro-panjakana dia natao eny anivon'ny tahirimbolam-panjakana ihany ny fakana izany. Izany hoe vao haka ny volany any amin'ny tahirimbolam-panjakana ny orinasa nahazo ny tolotra dia efa esorina avy hatrany ny haba 8% ka ny 92%-n'ny vola noraisiny.

25. Ahoana no ahafahana mifehy ny fomba andoavana ny IRSA izay samihafa arakaraky ny karama raisin'ny mpiasa? Hitovy avokoa ve ny IRSA alaina amin'ireo izay mikarama mihoatry ny 600 000 Ariary?

Ny tanjona dia ny hampiakaranana ny fahefa-mividy ho an'ny mpikarama malagasy rehetra ka momba ny IRSA dia toy izao ny fitsinjarany vaovao:

Karama (Ariary)	IRSA
Hatramin'ny 350 000	0%
350 001 – 400 000	5%
400 001 – 500 000	10%
500 001 – 600 000	15%
Mihoatry ny 600 000	20%

26. Nahoana no ampifanarahana amin'ireo vondrona iraisam-pirenena ireo ny fanitsiana natao ao amin'ny «code des Douanes» nefa isika tsy mbola tafaverina mpikambana amin'izy ireo akory?

Efa nisy ny fifanaraham-piaraha-miasa voasonian'i Madagasikara tamin'ny vondrona ara-barotra efatra, ary efa nahazo fankatoavana tato amin'ny Antenimierampirenena izany dia ny SADC, **APEI**, COI ary COMESA. Efa mpikambana feno amin'ireo vondrona ireo isika ka ny tanjona amin'izany dia ny hanafoanana ny haba-tseranana amin'ny fivezivezen'entana amin'ireo Firenena mpikambana manomboka ny taona 2023.

27. Tsy azo atao ve ny hamadika ny seranan-tsambon'i Toamasina ho «Port d'éclatement»?

Rehefa vita ny asa-fanitarana dia azo atao tsara ny mamadika ny seranan-tsambon'i Toamasina ho «port d'éclatement».

28. Hafiriana no fotoana lany amin'ny fampidinana sy fampiakarana entana eo anivon'ny Fadintseranana?

Ny tena tokony hifantohana dia ny fe-potoana ijanonan'ny entana eny amin'ny seranan-tsambo; na izany aza amin'ny ankapobeny dia mandany eo amin'ny 2.4 andro eo ny fotoana lany amin'ny famoahana entana. Ho an'ny «sejour» kosa maharitra 14 andro izany ankehitriny raha 17 tamin'ny taona 2018. Ny 7 andro amin'io dia tsy andoavam-bola ary ny 7 ambiny kosa dia tataovana sarany ny fipetrahany ao amin'ny Fadintseranana.

29. Inona no antony namindrana ny toerana nametrahana ny «huile sulfonées» ao amin'ny «Code des douanes»?

Tsy tokony hitambatra amin'ny zavatra hafa toy ny sakafo io menaka io satria misy «acide gras» izay ilana amin'ny fanamboarana savony sy ireo zavatra fanasa sy fidiovana ka mila sarahana.

30. Marina fa nanao ezaka ny fandintseranana amin'ny fanatsarana ny fitantanana, ka azo antenaina ve io 18% ny «recette douanière» io? Fantatra fa io fepetra noraisina io dia miteraka fatiantoka 16.088 miliara ariary, firy isanjato io fatiantoka io?

Ny fahitana azy tsy dia betsaka satria tsy mahatratra 0,1% amin'ny vola miditra.

31. Ahoana ny momba ireo sampan-draharahan'ny Fadintseranana any amin'ny faritra? Mbola miasa ve izy ireo sa misy antony manokana ny hitazonana azy? Ohatra amin'izany ny Fadintseranana ao Manakara?

Ny tanjon'ny Fadintseranana dia hanakaiky na hipetraka amin'ireo toerana misy fanondranana sy fampidirana entana. Izay rahateo no nahatonga ireo sampan-draharaham-paritra ireo mbola hitantsika satria misy na nisy an'izay fivezivezen'entana izay amin'ny toerana.

Ankoatry ny maha sampana mpampidi-bola ny Fadintseranana dia misehatra amin'ny fanaraha-maso ny sisin-tany ihany koa izy. Kasaina ankehitriny ny hametraka biraon'ny Fadintseranana isaky ny 150 km ho fanaraha-maso ireo entana miditra na mivoaka ny sisin-tany ary indrindra ho fiarovana ny famoahana

antsokosoko ireo harem-pirenena sy fampidirana entana maloto toy ny fitaovam-piadiana.

32. Ahoana no hahafahana mampihena ireo teritery sy fanaraha-maso manokana ireo orinasa miezaka manara-dalàna mpanafatra entana mba hitovy amin'ireo orinasa rehetra na dia fantatra aza fa avy any amin'ireo Firenena mpanao hosoka no fiavian'ny entana nafarany?

Eo anivon'ny Fadintseranana dia efa misy antotan-kevitra mirakitra ny sandan'ireo karazan'entana fanafatra ka ankoatr'izay vidin'ny entana lazain'ireo mpanafatr'entana dia misy hatrany ny fanamarinana izany amin'ny antotan-kevitra. Ny fanaraha-maso sy ny fanadihadiana manokana (redressement) dia mihatra amin'ireo entana sy faktiora izay mampiahiahy; Na dia izany aza, izay tratran'ny «redressement» dia mbola afaka mampiakatra ny raharaha eo anivon'ny «Comité d'Arbitrage» ka io rafitra io indray no manapakevitra arakaraky ny fisian'ny porofo ananan'ny andaniny sy ankilany.

33. Rehefa fanomezana tahakan'inona no ahazoana «franchise douanière»?

Araky ny lalana dia ny Filankevitry ny Minisitra ihany no rafitra afaka manapaka ny fanomezana ny «franchise douanière», fa araky ny traikefa efa hita hatrizay dia matetika lasa fanararaotana ny fananana io «franchise douanière» io ka mivily any amin'izay tsy izy izay entana heverina anaovana asa soa.

34. Inona ny olana ao amin'ny Fadintseranana satria raha oharina amin'ireo sampan-draharaha hafa eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia hita fa betsaka ireo mpiasan'ny Fadintseranana no miditra am-ponja. Inona ny antony? Noho ny resaka kolikoly ve sa tsy misy firaisan-kinan'ny mpiasa ao? Sa misy tanana politika na mpandraharaha mitsabaka sy maneritery ao?

Ny fitsarana no tena tokony hahavaly ny fanontaniana satria izy no mamoka didy mampigadra. Tsara marihana anefa fa manana ny «immunité» ny mpiasa ao saingy azo atao ihany ny manenjika sy manameloka raha toa nisy ny fahatratrarana ambodiomy na misy porofo mivaingana ahafahana manenjika azy.

35. Misy fanaraha-maso ve ireo ezaka fanatsarana narafitra ireo mba hahazoana antoka fa tena miantraika mivantana amin'ny toekarena sy ny Vahoaka malagasy izany fanatsarana izany?

Mihatra avy hatrany ny Lalàna raha vao misy hosoka voaporofa ka izay nanao ny fanambarana na “declaration” no voatazona sy anaovana fanadihadiana voalohany. Ireo entana hosoka na tsy nahazoana **alalana** dia aterina amin'izay sampandraharaha manandrify izany.

36. Misy fepetra hentitra narafitra ve ho famerenana ireo vola devizy hiverina eto Madagasikara?

Zava-dehibe ny hiverenan'ireo vola vahiny izay tokony hipetraka eto amintsika ary efa anatin'ny ezaka ny amin'izany ny Fadintseranana amin'izay manandrify azy. Ny tsara marihina fotsiny dia ny «rapatriement de devise» dia tsy voatery ho lelavola ihany fa mety hiseho amin'ny endrika hafa toy ny entam-barotra. Raha voafehitsika io dia heverina fa hisy fiantraikany tsara amin'ny sandam-bola malagasy izany.

37. Misy tombondahiny manokana ve omen'ny Fadintseranana ireo orinasa malagasy manan-draharaha ao aminy?

Amin'ny ankapobeny dia orinasa malagasy avokoa no mandraharaha ao amin'ny Fadintseranana. Izany hoe ny «carte fiscale» rehetra mandalo ao dia amin'ny anaran'ny orinasa malagasy avokoa ka sarotra ny hanavahana ny hoe Malagasy ve sa Vahiny no ambadik'izy ireny.

38. Inona avy ireo «Contenaire» tokony handalo «scanner» sy ireo tsy voatery handalo?

Ny tanjona dia ny hampandalovana «scanner» manontolo ireo entana rehetra mandalo ao amin'ny Fadintseranana. Fa ankehitriny dia mbola miankina amin'ny fanambaran'entana ataon'ny tompony no hamaritana na tokony handalo «scanner» na tsia ny entana. Ankoatr'izay, na eo aza ny fanambaran'entana voaray dia tsy maintsy ampandalovina «scanner» ireo entana mampiahiahy.

Ny tanjona lavitr'ezaka dia ny «100% scanning», izany hoe vao tonga ny entana dia mandalo «scan» avokoa ka rehefa tonga ny fotoana anaovan'ny tompony ny «déclaration» dia avoaka fotsiny ny sary navoakan'ny «scanner» tamin'ny fahatongavan'ny entana.

39. Ahoana ny mahakasika ny «tapis mohair» izay nifampiresahana teto tamin'ny fandinihana ny PLFR 2020?

Momba ny «tapis mohair» dia ny fanafoanana ny haba amin'ireo fitaovana hanodinana azy no azo heverina raha toa voamarina ny maha zava-dehibe azy sy izay mety ho fiantraikany tsara sy mivantana any amin'ny vahoaka.

40. Misy tetikasa hanaovana fanitarana ireo seranan-tsambo hafa ankoatry ny ao Toamasina sy Ehoala Taolagnaro ve?

Amin'ny maha Nosy an'i Madagasikara dia rariny tokoa raha hojerena manokana ny fivezivezena sy fitaterana an-dranomasina. Ilaina arak'izany ny hananatsika seranan-tsambo betsaka hahafahana manamora io fivezivezena io; na izany aza, ilana fepetra manokana ny hahafahana mametraka izany ka voalohany amin'izany ny fisian'ny tetikasa goavana manodidina ny seranana mba hahafahany mihodina araka ny tokony ho izy.

41. Misy fifampiresahana sy fiaraha-miasa ve eo amin'ny Fadintseranana sy ny Minisiteran'ny Varotra sy ny Fanjifana manoloana ny fanatanterahana sy fanaraha-maso ireo fepetra noraisina?

Ilaina tokoa ny fanaraha-maso saingy amin'ny maha varotra azy dia ny tsena sy ny fifaninanana ihany no afaka manitsy ireo mety ho fanararaotana hisy. Ny mpandraharaha rehetra dia samy maniry ny hahalafao entana betsaka sy haingana ka hahatratrarana izay dia tsy maintsy hihazakazaka hampidina vidin'entana arak'izay tratra izy ireo.

42. Azo atao ve ny manafaoana ny haba amin'ny fividianan'ny Banky Foiben'i Madagasikara volamena ho an'ny «comptoir d'or» izay efa politikam-panjakana.

Fahefana ananan'ny Solombavambahoaka ny mitondra fanitsiana hanafoanana ny TVA mandritry ny fividianany volamena.

43. Efa nesorina ao anatin'ny fandanium-bola ve ny «fonctionnaires fantômes»?

Ireo «fonctionnaires fantômes» dia efa notapahina karama. Tao kosa ireo izay nitondra fanamarinana ka mety ho tafaverina rehefa hitan'ny «Conseil de Discipline» (CODIS) fa ara-dalàna izany.

44. Voasoratra ao amin'ny PIP ny fanamboaran-dalana mampitohy an'i Midongy sy Vangaindrano. Nahoana no tsy hita amin'ny PIP 2021 isaky ny Distrika izy io?

Any amin'ny tetibolan'ny Minisitery miandraikitra izany no ahitana mikasika ny lalana mampifandray Distrika maromaro mba tsy ho voazarazara isaky ny Distrika ny sorabola satria lalam-pirenena mamakivaky Distrika maromaro izy io.

45. Mikasika ny fampidirana mpiasam-panjakana vaovao izay miisa 9 000, tafiditra amin'ireo ve ireo ny fanoloana ireo mpiasa handeha hisotro ronono miisa 4 000 mahery?

Mba hialana amin'ny «remplacement numérique» dia tsy azo soloina avy hatrany intsony ny mpiasa mandeha misotro ronono fa arakaraka ny laharam-pahamehana izay tapahan'ny «Conseil du **Gouvernement**» ny fampidirana mpiasa.

46. Azo atao ve ny manova ho vola na solon-tsolika ny «carte» hividiana solika fa manahirana ny fampiasana azy?

Efa nisy fihaonana teo anivon'ny Governemanta mikasika ny fanovàna ny «carte» ho solon-tsolika fa mbola tsy nisy ny fanatanterahana azy. Tokony hisy ny «démarche» hataon'ny avy atỳ amin'ny Antenimierampirenena fa vonona hanatanteraka izany ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

47. Aiza no hakana io vola 421 Miliara Ariary hanaovana «nouveaux projets d'urgence» io?

Ny ankamaroan'ny vola ho amin'ny taona 2021 dia fanohizana ny tetikasa efa natao tamin'ny taona 2020, ka io vola io (421 Miliara Ariary) no eo am-pelan-tànan'ny Fanjakana hiatrehana ireo tetikasa vaovao ireo.

48. Ahoana no fomba hampidirana ireo mpiasa nanao «bénévole» any amin'ny CSB izay tsy nandray karama ho mpiasam-panjakana?

Miankina amin'ny «politique de recrutement» misy ao aminy Minisiteran'ny Fahasalamana no ahafahana manao izany.

49. Ahoana no fomba hamaritana ny Tetibola hanaovana tetikasa ao amin'ny Distrika iray?

Ny antony tsy hitovizan'ny asa sahanina isaky ny Distrika tsirairay avy dia miankina amin'ny laharam-pahamehany sy ny fahafahan'ny Minisitery tsirairay avy hanao izany tetikasa izany.

50. Inona no fomba handoavana ireo «fournisseurs» mbola tsy nahazo ny volany tamin'ny asa nataony mikasika ny CLD 2017?

Mba hahafahana mamaha ny olana dia tsara ny manao fangatahana “prise en charge” raha toa efa misy “marché” efa vita ara-dalàna ny asa efa vita.

51. Ahoana marina ny mikasika ny tetikasan'ny Filohampirenena momba ny fanamboarana ny Lalam-pirenena faha-44 izay nampanantenaina fa ho vita ao anatin'ny 18 volana nefa vao 10 km ihany no vita kanefa ny fe-potoana efa ho tapitra?

Ao anatin'ny fanarenana ny lalam-pirenena faha-44 ny Fanjakana amin'izao fotoana izao na dia somary misy fahatarana kely miohatra amin'ny tetiandro voalaza.

52. Mbola mitambatra ve ny Solombavambahoaka roa ao anatin'io vola 500 Millions d'Ariary natokana ho an'ny CIAD io satria samy manana ny programan'asany izy ireo?

Nisy fanitsiana natao mikasika ny rijan-teny momba ny fitsinjarana ny volan'ny CLD ka hozaraina eto ihany izany.

53. Moa ve ny district manana "Fonds" ampiasaina?

Efa manana tetibola ny Distrika tsirairay avy ka tokony amin'io no hakana ny vola ampiasainy.

54. Ahoana ny mikasika ny karaman'ny «maître FRAM» fa mitabataba izy ireo?

Efa misy ezaka fanomezana «poste budgétaire» miisa 7500 hatokana handraisana ny «maître FRAM» ho mpiasam-panjakana.

55. Ahoana no fomba hanatanterahana ny «indemnité compensatrice de transport»-n'ny Solombavambahoaka ho amin'ny taona 2021?

Vonona hiara-handinika ny Minisitera raha hasiana fanovàna ny «décret» teo aloha mikasika ny «indemnité compensatrice de transport» izay efa niaraha-namolavola.

56. Ny tetibolan'ny Antenimierampirenena dia tsy haharaka hatramin'ny volana Desambra, ahoana no fomba hanampiana an'io?

Mikasika ny tetibolan'ny Antenimierampirenena izay tsy maharaka dia hotaterina amin'Andriamatoa Filohampirenena ny zava-misy.

57. Ahoana ny fanatanterahana ny «10 km de pavés» isaky ny Faritra fa tsy mazava tsara izany ?

Fiaraha-midinika miaraka amin'ny Governora, ny Filohan'ny Distrika ary ny Solombavambahoaka no hanatanterahana ny «10 km de pavés».

58. Mety ve raha ampitoviana ny fomba itondrana ny Solombavambahoaka tsirairay avy mikasika ny «restauration» sy ny «hébergement» mandritry ny fotoampivoriana?

Voaray ny fanamarihana avy amin'ny Solombavambahoaka mikasika ny «restauration» sy ny «hébergement». Manana ny fahaleovatenany tanteraka ny Andrimpanjakana ka hojerena ny «décret» raha toa ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no iankinany.

59. Inona no tatitra azo atao any amin'ny vahoaka mikasika ny fampanantenana nataon'ny Filoham-pirenena hametraka orinasa fanodinana jirofo sy kianja manara-penitra ao Vangaindrano?

Mikasika ny fampanantenana nataon'ny Filohampirenena dia tsy mitovy ny Distrika tsirairay avy ka izany no anaovana ny «priorisation» satria samy manana ny maha-izy azy izy ireo.

60. Aiza ny rijan-teny mikasika ny CCPREAS mba hanamboarana ny «démarche»-n'ny Solombavambahoaka?

Natao hiatrehana ny zavatra mitranga tampoka ara-tsosialy ka tsy voafaritra mialoha ny CCPREAS. Ny Filohampirenena no manapa-kevitra momba ny rijan-teny. Ny rijan-teny dia tsy miova fa ny laharam-pahamehana no miova.

61. Ahoana no fomba hanatanterahana ny vina mikasika ny «bon du Trésor»? Mety mba ho azo ve ny antontanisa 2017-2019 mikasika izany?

Mandeha «système revolving» ny «Bon du Trésor». Ny vola averina amin'ny “Bon du Trésor” dia mitontaly **2 692** Miliara Ariary ny taona 2021. Tsy tonga dia manana an'io vola io ny Fanjakana. Ny vola tena ho azo hamatsiana tetibola dia 261 Miliara Ariary izay elanelan'ny trosa averina izay voalaza ery ambony amin'ny vola antenaina hiditra amin'ny “Bons du Trésor” izay vinavinaina ho 2 954 Miliara Ariary amin'ny taona ho avy.

62. Misy fiantraikany amin'ny tahan'ny fifanakalozana ara-bola ve ny “avances spéciales” izay tokony ho an'ny banky foibe ka ho an'ny Fanjakana? Iza no mpamatsy vola amin'ny fampisamborambola avy any ivelany famatsiana tetikasa ary ahoana ny fepetra mahakasika izany?

Isaky ny mampiasa ny vola azo isika dia mivarotra «devises» eo amin'ny tsena.

Ny mpamatsy tetikasa eto amintsika dia ny banky iraisam-pirenena, ny BAD, BADEA, sns. Azo jerena ao amin'ny “tome II” **ao amin'ny** volavolan-dalànan'ny tetibola 2021 ny fitrosana ivelany. Ny tahan'ny fitrosana ampiharina amin'i Madagasikara dia ny «taux concessionnel» manodidina ny 0,5%, ary ny faharetan'ny famerenam-bola dia manodidina ny 20 taona.

63. Manana paikady hafa ve isika mba hampihenana ny fangatahana vola avy any ivelany?

Misy ny fanarahamaso ny volamena, ny fampiverenana ny vola vahiny avy amin'ny varotra. Ny famatsiana tetikasa dia mbola miankina **betsaka** amin'ny vola avy any ivelany. Mandeha tsikelikely ary **vina** lavitrezaka ny famatsiana ny tetikasa amin'ny vola ato anatin'ny.

64. Ahoana ny momba ny «Bons du Trésor» fa ohatran'ny tsy mahasintona ny olona ny fanaovana azy?

Mbola ny eto antoerana aloha hatreto no manao «Bon du Trésor». Ny tanjona dia ny hahafahan'ny tsirairay mandray anjara amin'ny «Bon du Trésor».

Raha tiana handray anjara ny avy any ivelany dia mila manana «notation» tsara avy amin'ireny «agence de notation» ireny isika.

65. Tsy ampy ny latsakem-boka amin'ny fisotroandronono. Misy ve ny paikady hafa tokony horaisina?

Misy fatiantoka daholo ny kaontin'ny fisotroan-dronono amin'ny firenena rehetra. Mandeha tsikelikely anefa ny fanavaozana momba ny fisotroan-dronono. Anisan'izany ny famadihana ny ECD ho ELD mba hahafahany mandoa latsakemboka CPR fa tsy CNaPS.

66. Rehefa iza no afaka manangana «corps»? Ahoana ny fepetra hanekena «statut particulier»? Aiza ny «références» mikasika ny «Huissiers du Trésor»?

Mbola ho faritana tsara ny momba ny «huissiers du Trésor».

Fanamarihana avy amin'ny Solombavambahoaka:

- Potika ny sehatry ny fizahantany eto amintsika izay anisan'ny mampiditra vola vahiny.
Tokony hojerena akaiky izany satria mampiasa olona miisa 44 000 manao “emplois directs”
- Tsy tokony refesina amin'ny fiakaran'ny vidin-tsolika ny fiakaran'ny vidim-piainana;
- Tokony hisy ny paikady ataon'ny Fanjakana amin'ny fanatsarana ny kalitaon'entana izay aondrana any ivelany mba hahafahana mifaninana;
- Mbola ambonin'ny valan'aretina “Covid-19” ny faharatsian'ny fampianarana izay “niveau T3” amin'ny ankapobeny ka mila jerena akaiky ny momba izany;
- **Tsara** ny “conférence budgétaire” tamin'ny taona 2020, irarianay ny mba hisian'izany indray amin'ny ho avy;
- Nomena fanafoanan-ketra ny varim-bazaha noho izy foto-tsakafon'ny Malagasy faharoa, fa any amin'ny faritra ambanivohitra dia katsaka sy mangahazo no tena foto-tsakafo ka tsara ny mba hijerena izany akaiky;
- Raha ny “projection”-ny Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana amin'ny taona 2021 dia azo lazaina fa tsy manaraka ny zava-misy satria ny olona nandrafitra azy dia mihevitra an'i Madagasikara ho firenena mandroso;
- Manentana ny teknisiana ny Solombavambahoaka mba hanaraka ny voalazan'ny Lalàna Fehizoro (LOLF) laharana faha-007-2004 tamin'ny 26 Jolay 2004 ao amin'ny andininy faha-19 sy faha-42;
- Tokony jerena akaiky ny fanatsarana ny PIP ho an'ny faritra ambanivohitra (zone enclavée).
- Tokony hoesorina ao amin'ny PIP ao Vondrozo ny fanamboarana ny lalam-pirenena faha-18 mampitohy an'i Vaingaindrano-Midongy Sud-Befotaka fa tsy mahakasika ny Distrikan'i Vondrozo izany.
- Tokony tsy hitovy ao anatin'ny telo taona 2021, 2022, 2023 ny tetibola natokana ho an'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena satria hisy ny fanorenana sekoly vaovao.

Avy amin'ny teknisiana:

Marina fa miankina amin'ny sehatry fizahantany ny fampidirana ny vola vahiny eto Madagasikara nefa tsy izy irery ihany fa ao koa ny fanondranana sy ny fanaovana “rapatrimet des devises” ary ny fifehezana ny fanafarana amin'ny alalan'ny fanaovana “industrialisation de substitution à l'importation”.

Tena misy lanjany lehibe eo amin'ny fandraharahana ny sehatry ny Angovo. Mizaka olana lehibe anefa izany ankehitriny ka misy ny fanatsarana azy io amin'ny 2021; Marina fa tsy mitovy amin'ny firenen-dehibe isika eto Madagasikara fa ny fomba nandrafetana ny tetibola ho amin'ny taona 2021 kosa dia naka "références" mifanaraka amin'ny olana misy. Ny tsy hitovizantsika amin'ny firenen-dehibe dia ny resaka fifampitokisana satria na mivarotra "bons de Trésor" betsaka aza izy ireo dia misy maka ihany.

Azo lazaina maritoerana ny vola malagasy manoloana ny vola vahiny, noho isika mbola manana "6,9 mois d'importation de réserve" isika amin'izao, eo koa ny lamina izay napetraky ny Banky Foibe amin'ny fametrahana politika ara-bola somary malina amin'ny alalan'ny famerana ny fiovan'ny antontam-bola ho +19,4% raha toa ka +28,1% izany teo aloha, manampy izany ihany koa ny fikatonan'ny sisin-tany izay miteraka ny fihenana'ny fidirana sy fivoahan'ny vola vahiny. Eo koa ny fanondranana lavanila sy "textile" any amin'ny tsena iraisam-pirenena.

Voaray ny fanamarihana momba ny PIP ho any faritra ambanivohitra.

Voaray ny fanamarihana amin'ny LOLF.

Taorian'ny famaliam-panotaniana izay nataon'ny Teknisiana dia nametraka fanotaniana manokana tamin'Andriamatoa Kestora Voalohan'ny Antenimierampirenena ny Filohan'ny Vaomiera Fitantanam-bola sy ny Tetibola.

Fanontaniana avy amin'ny Filohan'ny Vaomiera

Mba ho fanajana ny andininy faha-9 ao anatin'ny LOLF-007/2004 tamin'ny 26 Jolay 2004, moa ve ampy hanatanterahana filana sy hampihodinana sampandraharaha ato amin'ny Antenimierampirenena ny Tetibola voasoratra natokana hiasany amin'ny taona 2021?

Valiny avy amin'ny Kestora Voalohany

Raha io Tetibola voasoratra io dia tsy ampy hanatanterahana ny asa sy hampihodinana ny sampandraharaha misy ato amin'ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandaniahana ny mpivory.

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

I- DISPOSITIONS FISCALES

Andininy voalohany: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-2: "Code général des impôts": lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-3: "Douane": Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

II- EQUILIBRE GENERAL DU PROJET DE LOI PORTANT LOI DE FINANCES POUR 2021

Andininy faha-4: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-5: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-6: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-7: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-8: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-9: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-10: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-11: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-12: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-13: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-14: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-15: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

III- DISPOSITIONS SPECIALES

Andininy faha-16: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-17: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-18: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-19: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-20: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-21: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-22: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-23: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-24: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-25: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-26: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-27: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Araka izany dia nolanian'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tamin'ny endriny nasiam-panovàna ny volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2021.

Nifarana ny Zoma faha-27 Novambra 2020 tamin'ny 11 ora sy sasany, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

TOVANA

Version originale	Version amendée
<p>ARTICLE 2 CODE GENERAL DES IMPOT</p> <p>Article 06.01.06.- - Supprimer le dernier alinéa du 8 de cet article.</p> <p>Modifier la rédaction du 21 de cet article comme suit: «21 La vente de maïs; la vente de farine et d'huile alimentaire fabriquées par les industries locales; L'importation et la vente de blé, de riz, de paddy, de fluor, de l'iode, de lait et compléments diététiques pour nourrissons et enfants en bas âge; »</p> <p>- Modifier la rédaction du 23 de cet article comme suit: «23 L'importation et la vente de matériels, équipements et consommables médicaux»</p>	<p>ARTICLE 2 CODE GENERAL DES IMPOT</p> <p>Article 06.01.06.- - Supprimer le dernier alinéa du 8 de cet article.</p> <p>- Après le premier paragraphe du 10 de cet article, insérer un deuxième paragraphe rédigé comme suit: «La vente d'or auprès de la Banque Centrale de Madagascar en vue de la constitution de la réserve nationale d'or».</p> <p>Modifier la rédaction du 21 de cet article comme suit: «21 La vente de maïs; la vente de farine et d'huile alimentaire fabriquées par les industries locales; L'importation et la vente de blé, de riz, de paddy, de fluor, de l'iode, de lait et compléments diététiques pour nourrissons et enfants en bas âge; »</p> <p>- Modifier la rédaction du 23 de cet article comme suit: «23 L'importation et la vente de matériels, équipements et consommables médicaux»</p>

Vita, Ramatoa Filoha.

- Fanitsiana momba ny tatitra -**Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Mpampakateny isika nitondra an'izay tatitra izay.

Sao misy manana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra novakiana tamintsika teo. Izany hoe, tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny isika fa fanitsiana na fanamarihana ny tatitra aloha no atao.

Avy amintsika Solombavambahoaka izay vao ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

langaviana hanangan-tànana ny Solombavambahoaka manana fanamarihana na fanitsiana mikasika izany handraisana ny anarany.

- Tsy misy -

Rehefa tsy misy manana fanitsiana na fanamarihana ny Solombavambahoaka dia omena an-dry zareo ao amin'ny Governemanta ny fitenenana.

Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Tetibola.

Omena anao ny fitenenana Andriamatoa Minisitry raha toa manana fanamarihana ianao.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Tetibola

Mankasitraka Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena satria izaho no mandray ny fitenenana eto anatrehanareo.

Faly miarahaba antsika rehetra manatrika izao fivoriambe izao.

Miarahaba ihany koa anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra sy ianareo Solombavambahoaka rehetra.

Voalohan-teny, heverinay fa asa goavana no nataontsika ary indrindra ianareo tao anivon'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Vaomiera hafa izay niara-nandrafitra an'ity tatitra ity ary fankasitrahana mitafotafo no atolotra satria fantatra fa mavesatra tokoa ny fanaovana tatitra toy izao.

Misaotra ihany koa ny "Rapporteur" anankiroa teo nifandimby satria lava dia lava ny famakiana azy ary rariny sy hitsiny izany satria resaka volam-panjakana, tetibolam-panjakana amin'ny taona ho avy no horeshantsika.

Ramatoa Filohan'ny 'Antenimierampirenena, ao amin'ny pejy faha-4. Mba mangataka izahay ny hanitsy azy io, omenay rehefa aveo ny lisitra marina satria ohatran'ny "copie-coller" no nanaovana azy. Maromaro amin'ireo olona voatanisa ireo no tsy nanatrika ny fivoriana ary tokony hahitsy kely angamba izany, ka hatolotra anareo rehefa avy eo ny anaran'ireo olona tena nanatrika ny fivoriana.

Manarak'izay, mba tiako ihany ny hitondra fanitsiana vitsivitsy hahatsara ny resaka nifanaovana tany amin'ny Vaomiera, tany amin'ny tatitra izay nataontsika.

Mba mangataka aho amin'ny pejy faha-10, mba hasiana fanitsiana kely na ataontsika hoe "entre parenthèse" hampitovy ny any amin'ny "cadrage" sy any amin'ny ODD, erỳ amin'ny faramparany, tokony hasiantsika "entre parenthèse" hoe: "10,9% net" fa ny "brut 11,3%". Tsy hoe zava-dehibe izay kanefa heverina fa hampazava tsara ny tatitra izay atao; "10,9% net de remboursement TVA" izany no tiana horeshana amin'io; aleo marihana ihany izay.

Ao amin'ny pejy faha-11, mba mangataka izahay hampiana ny "paragraphe" faharoa, eny amin'ny farany, misy miteny hoe: hahazo fiakarany ny harin-karena any amin'ny 6% any ho any. Ampiana hoe "à l'horizon de 2023"; izany hoe any amin'ny taona 2023 no resahantsika sao mifandiso ny eritreritra. Any amin'ny 6% any ho any, amin'ny taona 2023.

Manarak'izay, ny mpiara-miasa amin'ny tenako, tokony hampiana satria zava-dehibe loatra ity tatitra ity. Omeko fitenenana ihany izy rehefa avy eo hanitsy ny tarehimarika sy ny tsipelina samihafa mba tsy hifandiso.

Ao amin'ny pejy faha-14, misy fanitsiana tsy maintsy atao manao hoe: misy ihany koa ny "avance spéciale 880 Milliards" tsy "avance spéciale" io fa "autre financement extérieur". Hafa ny dikan'ny hoe «avance spécial» ary mbola miverina izy any aoriana any; sao mampifandiso antsika satria ny "avance spéciale" dia ohatran'ny hoe: haka vola ao amin'ny bankinao ianao, ohatran'ny karazana findramam-bola ny "avance spéciale»; kanefa tsy izay no izy, fa «financement» izay mety ho azontsika avy any ivelany no heverina tokony hositrahantsika ary mitentina 880 Miliara ny vinavina amin'izany. Tena zava-dehibe io, Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, mangataka mba hahitsy arak'izay. Tsy misy "avance spéciale» izany halaintsika ao amin'ny Banky Foibe.

Manarak'izay, mangataka izahay mba hahitsy koa ao amin'ny pejy faha-15. Eto dia misy fanontaniana faha-3, fehezan-teny farany. Toy izao no fivakin'izany fehezan-teny izany; amin'io valin-teny io: eo amin'ny hetsika fampodiana ny vola, miisa 3254 ireo orinasa mpanondrana, ka ny 2496 amin'izany no mbola tsy nahatafaverina. Miova tanteraka ny hevitra ny fehezan-teny, no mbola tsy nahatafaverim-bola. Avy eo, ny efa tafaverina kosa 11 Miliara, io voasoratra eo io. Izay no miova amin'io. Averiko ihany, ny fanovàna dia tahaka izao: no mbola tsy nahatafaverina ary "11 Millions de Dollars" io, fa tsy 11 Miliara. Diso izany, fa manala "zéro" anankitelo. Rehefa avy eo, tsara raha ampiana hoe "11 700 000 de Dollars".

Manarak'izay, heveriko fa diso ny tatitra na ny valin-teny izay nampitaina tamin'ny fanontaniana faha-4; ao amin'ny pejy faha-15 ihany isika izao. Mora ny mahatratra ny vinavinam-piakaranan'ny toekarena ho 4,5% satria efa misy ny vakisiny. Tsia, Tompoko, tsy izay no mampiakatra azy, fa ny fialantsika amin'ny fihibohana, misy "nuance" be mihitsy izay. Raha izao "situation" misy antsika izao no mitohy amin'ny herin-taona dia hiroborobo ny toekarena; mihatsara ny fifanakalozana ara-barotra. Isika koa, amin'ny alalan'ny CVO dia eritreretina fa hiroborobo ny toekarena. Angamba tsara marihana izay satria sao hampisy resabe ny vaksiny. Any ivelany efa misy ny vaksiny ary raha manao an'izany ry zareo any dia azontsika eritreretina ny fandehanany atỳ amintsika. Izay angamba no heviny, fa raha eto amintsika, ny zava-misy, tsy misy fihibohana intsony ary isika koa efa nanana fitaovana ara-pahasalamana nafahana niatrika sy nitsabo ary nifampitsinjo. Mba mangataka izahay, hesorina ny hoe: satria efa misy vaksiny.

Tsy ny fisian'ny vaksiny any ivelany na ny fisian'ny vaksiny amin'izao fotoana izao na amin'ny herin-taona no hampisy "croissance 4,5%"; tsia, Tompoko, fa ny fialantsika amin'ny "situation"-n'ny fihibohana. Hiezaka isika mba tsy hiverenan'ny "deuxième confinement" intsony satria vao maika manahirana antsika izay zavatra izay.

Izay no teo amin'ny fanitsina ny tatitra ary rehefa avy eo, mety hisy koa fanamarihana hanamafy izay valin-teny izay.

Mbola manantitra ny fisaorana ihany ary heverina, fa asa goavana ary hitanay fa liana dia liana tokoa isika rehetra te-hahafantatra ny pitsopitsony amin'ny fandrafetana ny tetibolam-panjakana. Ny fanontaniana sasany aza, azo lazaina fa rariny sy hitsiny raha toa itondrana fanazavana ara-pedagogika mihitsy satria tsy hahalala ny zava-misy amin'ny fitantanana ny "trésor", ny fitantanana ny hetra, ny fitantanana ny fadintseranana isika rehetra.

Farany, misy diso ihany koa ao amin'ny pejy faha-21, fa homeko ireto mpiara-miasa raha misy fanitsiana hafa. Tsy fanitsiana, azafady, fa fanamarihana hatao any amin'ny farany. SADC, COI, COMESA. Miala tsiny, fa ny ACP tsy anisan'ny vondrona ao anatin'io. Izay no ilazako hoe, tsy fanitsiana izay, fa zavatra tsikaritra fotsiny. Ny ACP, tsy ao anatin'ny fifanarahana ara-piaraha-miasa fa "Organisation d'Intégration Régionale" miara-miasa amintsika amin'ny faritra hafa ary mpikambana ao amin'ny ACP koa isika. Asa raha mbola misy fanitsiana ve Tompoko. Omena anao, Ramatoa Sekretera Jeneraly ny fitenenana.

Ramatoa RABARINIRINASON Rindra, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena;
Ianareo Mpikamabana ao amin'ny Birao Maharitra;
Ianareo Filohan'ny vaomiera rehetra;
Ianareo Solombavambahoaka rehetra hajaina.
Tompokolahy sy Tompokovavy.

Araka ny voalazan'Andriamatoa Minisitry teo, ao anatin'ity tatitra ity dia mba misy zavatra tiako hampiana kely.

Ao amin'ny pejy faha-18 amin'ny fanontaniana faha-16, mikasika ny "apurement du passif" amin'ny resaka vidin-tsolika. Fanontaniana faha-16, ampiana kely ny valim-panotaniana hoe: efa nifampiresahantsika tao amin'ny Vaomiera ny momba ny "passif pétrolier" dia heverina ho 10 Miliara Ariary amin'ny faran'ny volana Desambra 2020.

Ramatoa FILOHA

Fanontaniana faha-16 ve no tianao holazaina azafady.

Ramatoa RABARINIRINASON Rindra, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

Eny Tompoko, mikasika ny "passif" amin'ny resaka vidin-tsolika.

Ramatoa FILOHA

Ampiana ve izany ny valin'ny fanontaniana.

Ramatoa RABARINIRINASON Rindra, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

Eny Tompoko, satria izay no voalaza tany amin'ny Vaomiera.

Fanontaniana faha-45, mikasika ny fampidirana ny mpiasam-panjakana vaovao, Filankevitry ny Governemanta no izy fa tsy "Conseil de recrutement". Izany hoe, ny Filankevitry ny Governemanta no manapaka ny laharam-pahamehana amin'ny fampidirana ho mpiasam-panjakana.

Fanontaniana faha-50; amin'ny fomba fandoavana ireo "fournisseurs" mbola tsy nahazo ny volany tamin'ny asa nataony mikasika ny CLD 2017. Somary tsy mitovy kely ny valim-panontaniana natao tany amin'ny Vaomiera sy ny misoratra eto. Tsy azo atao intsony ny manao "engagement"-n'ny zavatra tany amin'ny taona lasa, fa ny valim-panontaniana nomena tao dia hoe: manao "prise en charge" raha ohatra ka efa nisy "marché" ireo asa vita tany amin'ny taona lasa ireo. Misolo an'izay ny valin-teny eo amin'ny fanontaniana faha-50.

Eo amin'ny fanontaniana faha-52, ny soratra hoe CLD dia angatahana hovaina ho CIAD.

Ao amin'ny pejy faha-31 izay misy soratra hoe, fanamarihana avy amin'ny teknisiana. Ny tenako no manamarina izany, fa tsy nanao an'io resaka io tany amin'ny Vaomiera aho; koa mangataka ampahibemaso ny hanesorana ny fanamarihana, Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Mbola mitohy ny fanamarihana avy amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Andriamatoa RANJALAHY Ihaja, Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, ianareo Solombavambahoaka hajaina.

Araka ny efa notenenin'Andriamatoa Minisitra teo, ao amin'ny pejy faha-21, ny teny ACP Tompoko dia soloina APEI na «Accord de Partenariat Economique Interimaire».

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa GERMAIN, Tale Jeneralin'ny Hetra

Misaotra, Ramatoa Filoha, ianareo Solombavambahoaka rehetra hajaina.

Mamerina ny arahaba ho antsika rehetra, Tompoko.

Fanamarihana tokana no avy aminay, ao amin'ny fanontaniana faha-61. Ny valin'ny fanontaniana faha-61 izay misy tarehimarika milaza hoe: mandeha "système de revolving" ny "bon du trésor". Ny vola averina amin'ny "bon du trésor" amin'ny taona 2021 dia mitotaly... Misy diso tsipelina kely, tsy 2 962 no izy fa 2 692; izay no vola averina.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Mbola manana fanamarihana ve ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitatanam-bolampanjakana.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Tetibola

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ao amin'ny fanontaniana faha-25 ahoana no ahafahana mifehy ny fomba handoavana ny IRSA izay samihafa sa arakaraka ny karama raisin'ny mpiasa. Mitovy avokoa ve ny alaina amin'ireo izay mikarama mihoatra ny 600 000 Ariary.

Ny tanjona dia ny hampiakarana ny fahefa-mividy ho an'ny mpiasa Malagasy rehetra. Toy izay no fomba vaovao fikajiana azy araka ny hita eo amin'ny tabilao io, fa tsy hoe toy izao no fitsinjarana azy.

Izay, Tompoko, ny fanitsiana mikasika an'io fanontaniana faha-25 io.

Ramatoa FILOHA

Tapitra ny fanamarihana.

Misaotra ny avy ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitatanam-bolampanjakana.

Tompokolahy sy Tompokovavy, alohan'ny hidirana amin'ny adihevitra ankapobeny dia omen-dalana ny Mpampakanteny hamonjy ny toerany.

Isaorana ireo Mpampakanteny tamin'ny tatitra nataon'izy ireo teo.

- Tehaka -

- 5 -

- Fanomezam-pitenenana ny Solombavambahoaka -

Ramatoa FILOHA

Manao satroka Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina voafidy teto Antananarivo voalohany.

Omena anao ny fitenenana, Ramatoa Solombavambahoaka amin'ny satroka izay angatahanao.

Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Manantitra ny fiarahabana antsika rehetra.

Teny vitsy no satroka hataoko, Ramatoa Filoha.

Araka ny fandaharam-potoana nolaniantsika teto, efa niteny izahay fa tsy ampy 15 andro araka ny andininy faha-89 ao amin'ny Lalàmpanorenana ny fandinihana azy ity, fa 15 andro aorian'ny fametrahana ny lalàna napetraka teto amintsika no tokony hiditra amin'ny fandaniana izany isika. Efa nanaovana fanamarihana tamin'ny farany teo, fa tsy ampy 15 andro izany, satria raha tamin'ny Zoma no tonga teto izy ity, tonga dia niditra tamin'ny fandaharam-potoana isika.

Nandinika ity lalàna ity nanomboka tamin'ny Alatsinainy; ny Talata isika tsy nanao ny asam-baomiera, ny Alarobia, Alakamisy dia androany isika hifidy ity lalàna ity. Izay zavatra izay no entina eto; eny fa na misy aza ny andininy faha-92 ao amin'ny Lalàmpanorenana milaza hoe: manana 30 andro isika farafahabetsany handinihana an'ity lalàna ity. Ny zavatra tiana holazaina, tsy ampy ny fotoana andinihantsika ny lalàna fa hazakazaka arahin-tosika fotsiny. Tsy afaka nandinika araka ny tokony ho izy an'ity Lalàna Fehizoro mikasika ny "Loi de Finances" ity izahay. Raha tonga tao amin'ny asam-baomiera; ny tsapa dia tsy hita ny zavatra tena tao anatin'io lalàna io. Izany hoe, kitoatoa ny fomba nandinihana azy.

Faharoa, mikasika ny fomba fiasantsika satria nanatrika tao foana izahay; ny fomba fiasan'ny Governemanta, na isika eto amin'ny Antenimierampirenena aza dia samy nanao kitoatoa daholo kanefa ain-dehiben'ity Firenena ity no hodinihantsika amin'ity lalàna ity. Noho izany, ny zavatra tsapanay tao; na ny valin-teny nomen'ny teknisiana aza... Mialatsiny fa tsy amin'ny maha anareo anareo akory no itenenana, fa "constat" no atao.

Tena satroka izany

Ny dikan'izany, ny valin-teny nomena tao dia maro no tsy nahafapo ary nisy zavatra tsy novaliana ihany koa aza. Tsy mifanaraka amin'ny "réalité" ny zavatra nentina tao anatin'ity lalàna ity. Tsapa fa tsy mitombina ary tsy mifanaraka amin'ny "réalité" araka ny notenenina teo ity zavatra ity.

Tena satroka izany sasiteny ataoko izany.

- Horakoraka -

Ny zavatra notenenina rehetra teo dia fanontaniana tsy misy valin-teny; tsy mandeha araka ny tokony ho izy ny fanontaniana. Tsy mamaly ny hetahetan'ny vahoaka sy ny zavatra tadiavin'ny Firenena ny zavatra nentina ao amin'ity lalàna ity. Any amin'ny "Présidence de la République" daholo no miantoka ny zavatra rehetra atao. Fantatra fa na isika eto amin'ny Antenimierampirenena aza dia tsy nahavita akory niady ny Tetibolantsika. Noho izany antony rehetra izany, Ramatoa Filoha, mahatsapa izahay, fa tsy hiray tsikombakomba amin'ny tsy fihetezan'ny lalàna sy ny famitahana ny vahoaka.

- Horakoraka -

Ramatoa FILOHA

Mba mangina kely isika, azafady.

Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina

Fahatelo manarak'izany; tsy mahavaha olana ity.

Tsy maninona, Ramatoa Filoha, avelao fa izay no ahitan'ny olona hoe ohatran'izao no fitondrantenan'ny Solombavambahoaka, avelao ho hitan'ny vahoaka. Fombany izany, fa tsy maninona, Ramatoa Filoha, izay no antony nitabatabana teto tamin'ny fotoan'androny nanenjehana ny teo aloha. Miverina ity ny fomba fanao, tany amin'ny Primatiora no nanao ny raharaha kanefa aty no mamono ny afo.

Manao kitoatoa isika, inona no zavatra natao tamin'ireny fotoana teny amin'ny CCI-Ivato ireny. Andao isika hanao sonia satria tsy mety ny Tetibolan'ny Antenimierampirenena. Tsy te-hiray tsikombakomba izahay satria mamitaka ny vahoaka raha hanao an'ity zavatra ity.

Tsy maninona izany fa ny Solombavambahoaka TIM rehetra dia manao fanambarana, fa sady tsy hifidy no tsy handany ny lalàna izahay, fa afaka mandeha.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA.

Misaotra ny Solombavambahoaka, voafidy tao Antananarivo I.

Manao Satroka ny Solombavambahoaka voafidy tao Vangaindrano.

Satroka ihany satria mbola handray fitenenana ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola hanome ny fanazavana mikasika ity lalàna ity. Mbola ny satroka izao no raisina ary tena satroka tokoa.

Satroka ny Solombavambahoaka voafidy tao Vangaindrano.

Satroka manaraka ny Solombavambahoaka voafidy tao Manandriana.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

- Tabataba -

Ramatoa FILOHA

Mba mangina kely azafady.

Omena anao ny fitenenana, Ramatoa Solombavambahoaka.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Teny indraim-bava fotsiny no angatahako satroka. Mikasika ny asa atao eto, indrindra momba ny tatitra teo; hatramin'ny farany izahay tsy nahazo tatitra mihitsy, ka izay no tsy nahafahana nanao fanamarihana. Saika nisy ihany izany kanefa tonga eto, Andriamatoa Kestora I ary manana tatitra izy; na ny tarehimarika aza tsy araka, ny valim-panontaniana tsy araka, voatery tsy afa-miteny izahay, Ramatoa Filoha, kanefa ain-dehiben'ny Firenena no dinihana. Misy zava-dehibe tokony homarihana ihany, fa tsy maninona, Ramatoa Filoha, fa miroso isika ary izay no izy.

Ramatoa FILOHA

Azo aterina ao amin'ny Sekretaria Jeneraly ny fanamarihana, saingy tokony hampahafantarina ny rehetra koa izany.

Satroka manaraka ny Solombavambahoaka voafidy tao Manandriana.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa

Misaotra betsaka, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Tsara ho marihana, Ramatoa Filoha, momba ny resaka satroka. Efa fomba fiasantsika ato amin'ny Antenimierampirenena, Ramatoa Filoha, ny fanaovana satroka dia fanitsiana ny fizotry ny fivoriantika eto. Mbola tsy niditra tao anaty adihevitra ankapobeny isika, fa fanitsiana hoe izao no tianay hitondrana azy na tokony hiverina amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena isika.

Faharoa, efa mihoatra ihany ny zavatra nisy teo satria mazava ny fandaharam-potoantsika; tamin'ny 30 Oktobra 2020 no tonga teto ny volavolan-dalàna. Ny dikan'izany, ny 28 Novambra 2020, androany izany, tsy efa feno ve ny 30 andro latsaka iray. Tiana ho hitan'ny mason'ny mpanao gazety hoe izao no zavatra misy ato. Tsy eken'ny maro an'isa ato amin'ny Antenimierampirenena izany, Ramatoa Filoha. Fanambaniana sy fanaovana tsinontsinona ny asam-baomiera ny zavatra ohatran'izany. Efa fanapahan-keviny no nivoaka dia tsara tso-drano izy ireo.

Misaotra indrindra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Solombavambahoaka tao Manandriana.

Manao satroka ny Solombavambahoaka voafidy tao Vatomandry, avy eo ny Solombavambahoaka voafidy tao Antananarivo faha-V. Manarak'izay dia omena ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fitenenana.

Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan

Misaotra Tompoko.

Ataoko angamba tsy ho lava ny resaka, fa atombohy ity raharaha ity, Ramatoa Filoha, satria ny tsy mankasitraka efa nody ary izahay tavela ato dia mankasitraka. Koa inona no maha lavaresaka amin'ity raharaha ity.

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miala tsiny, Ramatoa Filoha, fa ny nataon-dRamatoa Solombavambahoaka teo dia tsy satroka fa kiraro satria satroka no nangatahiny kanefa kiraro no nentiny nody. Noho izany, aoka isika tsy hifandrebireby intsony satria raha ny tanjon'izy ireo dia mba hiseho amin'ny mpanao gazety ary raha nijanona teo ry zareo, raha nisy dia 0,2% fotsiny. Aoka mba tsy hatao fomba fiasa eto intsony ny mody mangataka satroka kanefa manao kiraro mangata-paraky.

Koa miangavy izahay, Tompoko, aleo atomboka ny fivoriana ary avelao handeha ny fifidianana.

Ramatoa FILOHA

Misaotra an'Andriamatoa Solombavambahoaka voafidy tao Antananarivo faha-V.

Tompokolahy sy Tompokovavy, vita izay ny fanamarihana sy fanitsiana mikasika ny tatitra.

Omena fitenenana, Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola mba hitondra fanampim-panazavana izay efa nataony tamin'ny Zoma 20 Novambra 2020 teo mikasika ity volavolan-dalàna ity.

Marihana fa afaka mangataka fitenenana hatrany ny solotenan'ny Governemanta mandritra ny adihevitra rehetra.

Omena anao ny fitenenana, Andriamatoa Minisitry.

Mangataka antsika Solombavambahoaka mba hihaino tsara ny fanazavana entiny. Afaka mandray anjara hatrany ireo solotena ireo mandritra ny adihevitra rehefa avy eo. Omena fitenenana ianao, Andriamatoa Minisitry.

- 6 -

- Famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalàna -

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

Mankasitraka, Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena,
Manantitra ny fisaorana ihany koa tamin'ny fanaovana ny tatitra teo.

Ekena fa raharaham-mpirenena no atrehina eto ary zava-dehibe loatra ity tetibola amin'ny taona ho avy ity. Tiako ny manamarika fa ny asa izay ataontsika eto dia tsy sanatria hoe asa kitoatoa izany. Tsia Tompoko, tsy asa tandrametaka izy ity na atao vonjy tavan'andro fotsiny, fa fantatsika tsara fa ny vinan'ny Filohampirenena dia nofidian'ny vahoaka maro an'isa ary ao anatin'izany ianareo olom-boafidy. Hotanterahintsika miaraka izany satria nahoana; satria izay no nifidiananan'ny vahoaka anareo.

Nisy velirano napetraky ny Filohampirenena ary ianareo no angady nananana sy vù nahitana ny fandresena izay azon'ny Filohampirenena sy ny fandresena ihany koa tamin'ny nifidianan'ny vahoaka anareo.

Fantatsika fa ny IEM no nandrafetana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana na ny PGE. Midika izany, fa io PGE io no fenitra sy "référence" izay raisintsika hanaovana ny tetibolam-panjakana, sa tsy izay.

Ny PGE napetraky ny Filohampirenena sy ny Lehiben'ny Governemanta; tsy Filohampirenena hafa na Lehiben'ny Governemanta hafa na kandida hafa no nandrafitra izany, fa ny Filohampirenena Andry Nirina RAJOELINA sy Andriamatoa Praiminisitra Christian NTSAY izay miara-miasa amintsika. Midika izany, fa tsy kitoatoa sanatrian'izany no nanaovantsika ny asa nandrafetana ny tetibolam-panjakana. Tsy hanao an'izany isika.

Efa ambolana maromaro no nifandinihana teo anivon'ny Governemanta sy ny Filankevitry ny Minisitry; fantatrarao tsara fa ny Praiminisitra no "Ordonnateur Principal", ny tenako no "Ordonnateur Délégué". Andriamatoa Praiminisitra mihitsy no nametrahany ny Filohampirenena ny fahatokisana hijery amin'ny antsipiriany ny fandaniana ny volan'ny Minisitry tsirairay avy. "Arbitrage" no tiako resahana eto, tsy kitoatoa izany, Tompoko, fa fandraisana andraikitra izany amiko. Koa na inona na inona lazain'ny mpanohitra, na inona na inona lazain'ny tsy tia an'izao fitondrana izao, miala tsiny fa isika manohana an'Andriamatoa Andry Nirina RAJOELINA sy ny programa natolony sady tsy hiala amin'izay satria nahoana; satria mendrika an'izany koa i Madagasikara sy ny Malagasy havantsika ary mendrika izany isika rehetra.

Faharoa, ny zava-dehibe tokony hapetratsika dia ny nandrafetana ity tetibolampanjakana ity; averiko ihany fa "politique de relance économique" fa tsy politika fitsitsiana, tsy "politique de rigueur", fa "politique de courage", "politique de relance économique poste covid". Mba tiako homarihana tsara izay, fa tsy sanatrian'izany, hoy aho, kitoatoa ny asa ataontsika. Midika izany, fa rehefa mijery ao amin'ny ODD ianareo fa mitombo daholo ny fomba nandrafetantsika an'ireto tetibola ireto.

Farany dia farany, manantitra ny fisaorana amin'ny mpiara miasa amiko aho satria izy ireo koa no tao amin'ny lafiny ara-teknika, mahafantatra ny pitsopitsony any amin'ny "Direction Générale" tsirairay izay misy azy avy.

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, tsy hanalava teny intsony aho satria mitovy ny fomba fijerintsika; mety hisy fanitsiana sy fangataham-panazavana heverinareo fa tokony hatao, ka vonona izahay.

Ramatoa Filoha, manantitra ny fankasitrahana anareo Tompokovavy sy Tompokolahy.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Misaotra an'Andriamatoa Minisitry isika tamin'izay fanazavana narosony teo izay.

Hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny isika. Koa izay handray fitenenana dia angatahana hanangan-tànana mba handraisana ny anarany.

Manangan-tànana ny Solombavambahoaka voafidy tao Vangaindrano, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore.

Omena anao ny fitenenana Ramatoa Solombavambahoaka.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andriamatoa Minisitry sy ianareo mpiara-dia aminy;

Isika Solombavambahoaka rehetra.

Ny andraisako fitenenana dia mikasika ny fandaniana ny “projet de loi de finances initiale”. Ity no tena hoe “exercice démocratique”; nanazava tany amin’ny asa-baomiera, Andriamatoa Minisitry ary efa nandalo ambaratonga maro, indrindra efa nojeran’Andriamatoa Filohampirenena hajaina, Andry RAJOELINA, koa ity volavolan-dalàna entina eto amintsika ity. Midika ve izany fa tsy tokony hanana hambara intsony isika Solombavambahoaka. Raha ny fiheverako azy, tsy manampy ny fitondrana isika raha tsy mijery ny zavatra atolony antsika. Ny antony, satria izay no ahafahantsika mampifanandrify kokoa ny zavatra nentina teto amin’ny tena zava-misy marina any ifotony. Izay koa no ahafahantsika mampifanandrify kokoa sy maka toky hoe: ny iraka nampanaovin’ny vahoaka nifidy antsika dia tontosantsika soa aman-tsara. Izay no tiako marihana eto ary sanatria tsy hoe fanankianana na zavatra hafa, fa eto isika izao, efa dingana farany mialohan’ny handaniana azy.

Sady misaotra ny Minisitry Toekarena sy ny Fitantanam-bola tamin’ny asa lehibe nataony sy ny solotenan’ny Governemanta tonga eto izahay no manentana antsika Solombavambahoaka koa hanana fahasahiana satria ity PLFI ity araka ny voalaza teo dia tsy PLFI fotsiny, fa PLFI hiatrehana fahasahiranana, hiatrika fahasaratana koa. Izao no tiako lazaina, aleo isika handray andraikitra; tsy midika hoe mitsipika, fa aleo isika handray andraikitra na ny hoenti-manana amin’ny asa ataontsika fotsiny aza. Izay no teny tiako apetraka, Ramatoa Filoha, koa misaotra nanome fitenenana.

Niasa naharitra niaraka tamin’ny vaomiera ny tenako ary mbola eto hatramin’ny androany satria izay no fanompoana ny vahoaka Malagasy.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao Ramatoa Solombavambahoaka voafidy tao Vangaindrano, manao satroka ny Solombavambahoaka voafidy tao Morafenobe Andriamatoa Voninahitsy Jean Eugène.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Izaho aloha miangavy anao, Ramatoa Filoha, aleo hiroso amin’ny fandaniana ity raharaha ity. Izay agamba no angatahana fa aza asiantsika resabe intsony satria efa mazava na taminay tao amin’ny vaomiera, nisy nanatrika izany ary efa mazava, efa misy zavatra navoakan’izy ireo taty aminay ka andao hiditra amin’ny fandaniana azy.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Solombavambahoaka voafidy tao Morafenobe.

Asa raha mbola misy manana fitenenana ny Ministera alohan’ny hirosoana amin’ny fandaniana ny volavolan-dalàna. Ny lehiben’ny Vondrona Parlemantera koa handray fitenenana; ao ny lehiben’ny Vondrona Parlemantera GPR raha handray, ao koa ny Vondrona Parlemantera tsy miankina.

Ny Vondrona Parlemantera TIM kosa efa nandao ny efitra ary ny Vondrona Parlemantera IRD no mandray fitenenana farany. Omena ny Vondrona Parlemantera GPR ny fitenenana.

Andriamatoa DARKHOUÏ Siritis

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao Andriamatoa Minisitra sy ny ekipa miaraka aminao.

Andriamatoa DARKHOUÏ Siritis, Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR.

Tsy mora ny mandrafitra an'ity zavatra natonareo ity ary tena asa tena asa. Isaorana ny teknisiana izay nandrindra ny zavatra rehetra eto miaraka amin'ny Andriamatoa Minisitra. Noho izany, izahay "Groupe Parlementaire GPR" dia ny tombotsoa ho an'ny firenena no jerena, ka rehefa hita fa ahitantsika tombotsoa ho an'ny firenena ny zavatra narafitrareo dia tsy hitsipaka izahay, fa hankatoa 100%. Miangavy ny namana GPR rehetra mba hanangan-tànana handany ity volavolan-dalàna ity.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny namana Filohan'ny «Groupe Parlementaire» GPR tamin'ny fandraisany fitenenana teo. Omena anjara fitenenana ny tomponandraikitra voalohany amin'ny tsy miankina; Andriamatoa Narson RAFIDIMANANA, voafidy tao Antanifotsy.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa Filoha sy ianareo eny amin'ny «Perchoir».

Andriamatoa Minisitra sy ny mpiara-dia aminao.

Zava-dehibe ho an'ny firenena no ataontsika androany; fantatray dia fantatray tsara ny fahasaratana tamin'ny nanaovana ity LFI ity.

Eto izahay, Andriamatoa Minisitra, miteny aminao fa manana teknisiana mahafatrapo ianao.

- Tehaka -

Averina aminao eto ihany koa, fa manana teknisiana maro niaraka taminay koa ianao; niaraka taminay nanomboka tamin'ny 9 ora, maraina, hatramin'ny 11 ora alina. Ny tianay hotenenina, Andriamatoa Minisitra, ny vondrona miaraka aminay dia azo lazaina hoe tsy miankina saingy miaraka amin'ny fampandrosoana ny firenena. Miaraka aminao izahay, Andriamatoa Minisitra, raha hampandroso an'ity firenena ity. Mijoro hiaraka aminao hifidy tsy hihambahamba an'ity lalàna ity izahay.

Mankatolina Tompoko.

Mankasitraka, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Solombavambahoaka avy amin'ny tsy miankina isika.

Mandray fitenenana farany ny Vondrona Parlemantera IRD, ny Solombavambahoaka VELONTSARA Paul Bert.

- Horakoraka -

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert

Ramatoa Filoha;

Andriamatoa Minisitry;

Isika Solombavambahoaka rehetra namana.

Nandalo fotoan-tsarotra ny firenena noho ny antony maro. Hita taratra amin'ity tetibola ity ny ezaka ataon'ny fanjakana amin'ny fanatsarana ny lafiny ara-toekarena, fanatsarana ny lafiny sosialim-bahoaka, ny indrindra ny fandriampahalemana eto amin'ny tany sy ny Fanjakana. Hita taratra amin'ity tetibola ity koa ny "volonté"-n'ny Governemanta hitsinjara ara-drariny ny fotodrafitrasa manerana ny Distrika 119 eran'i Madagasikara. Noho izany, miantso ny feon'ny fieritreretany ny Solombavambahoaka rehetra tsy ankanavaka ny tenanay mba handany ity "Projet de Loi de Finances 2021" ity.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

- Tehaka -

- 7 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity Volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 tamin'ny faha-30 Oktobra 2020 -

Ramatoa FILOHA

Misaotra an'Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD isika.

Hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 tamin'ny faha-30 Oktobra 2020 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakana, taona 2021, ity isika izao.

Araka ny tatitra eny am-pelan-tànantsika, ny Vaomieran'ny Vola sy ny Tetibola, tamin'ny fandinihana azy ity dia nandray fanapahan-kevitra toy izao:

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY (EXPOSE DES MOTIFS):

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika ireo andininy ireo.

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tònana

- Solombavambahoaka miisa 95 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny «exposé des motifs».

I.- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA (DISPOSITIONS FISCALES) :

Andininy voalohany: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna. Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tònana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny fepetra mikasika ny hetra.

Andininy faha-2: fehezan-dalàna ankapobeny momba ny hetra (CODE GENERAL DES IMPOTS): Nolanian'ny Vaomiera nasiam-panovàna (Jereo ny tovana).

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tònana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny fehezan-dalàna ankapobeny momba ny hetra.

Andininy faha-3: Fadintseranana (DOUANES): Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tànana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny Fadintseranana.

Andininy faha-4: fifandanjana ankapoben'ny volavolan-dalàna momba ny lalanan'ny fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2021 (EQUILIBRE GENERAL DU PROJET DE LOI PORTANT LOI DE FINANCES POUR 2021): Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tànana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny fifandanjana ankapoben'ny volavolan-dalàna momba ny lalanan'ny fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2021.

Andininy faha-5: Ny farafahabetsaky ny sorabola anomezan-dàlana ho an'ireo Zana-bola avy amin'ny trosa, ireo vola omena ireo Andrimpanjakana sy Minisitara, ireo antom-pandaniana hafa, ny famatsiam-bolan'ireo Kaominina, ireo fandaniana ho an'ny Hana-pamokarana (Le plafond des crédits autorisés au titre des intérêts de la dette, des pouvoirs publics, des moyens des Ministères, des Autres dépenses affectées, de la Dotation aux Communes, des Dépenses d'Investissement):

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tànana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-5.

Andininy faha-6: Ny fetra faratampon'ny sorabola ho an'ireo fahefana, rantsa-mangaika politika sasany ary ireo asa marika sasany (Limite des crédits ouverts s'appliquant à certaine pouvoir, organes politiques et certaines Opérations):

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tànana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-6.

Andininy faha-7: fampiasam-bola sy Tahirim-bola anatiny, Vola notrosaina avy any ivelany, Fanomezana avy any ivelany, Sandan'ireo entana fanomezana avy any ivelany (Dépenses d'investissement, Ressources propres, Emprunts Etat, Subvention extérieure, Fonds de Contre-Valeur): Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tàmàna

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-7.

Andininy faha-8: Ny fetra faratampon'ny sorabola azo aloa atovana amin'ity Tetibola Ankapobe 2021 ity (Le plafond des crédits de paiement ouverts au Titre des Dépenses d'Investissement du Budget Général 2021):

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tàmàna

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-8.

Andininy faha-9: Tetibola anankina an’ny Paositra sy Fifandraisan-davitra (Budget Annexe des Postes et Télécommunications). Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tàmàna

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-9.

Andininy faha-10: Tetibola anankina an’ny Tranom-printim-pirenena (Budget Annexe de l’Imprimerie National).

Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tàmàna

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-10.

Andininy faha-11: Ny fampiasana ny Kaonty manokana ny Tahirim-bolam-panjakàna (Les opérations des Comptes Particuliers du Trésor).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tònana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-11.

Andininy faha-12: fanomezam-bola mialoha (avances, prets et participations).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tònana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-12.

Andininy faha-13: Ny fampiasana ny vola vidin'entana fanomezana avy any ivelany sy izay mitovy lenta amin'izany amin'ny taona 2021 (Les opérations génératrices de Fonds de Contre-Valeur et assimilés sont évaluées en 2021).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tànana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-13.

Andininy faha-14: Ny vinavinan'ny kirakira momba ny trosam-panjakàna (prévisions des opérations de la dette publique).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tànana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-14.

Andininy faha-15: fifandanjana momba ny volavolan-dalàna momba ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakàna nasiam-panitsiana ho amin'ny taona 2020 (conditions générales d'équilibre du present projet de Loi de Finances Rectificative pour 2020). Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tàmàna

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-15.

Andininy faha-16: fepetra manokana (Dispositions Spéciales)

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tàmàna

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-16: fepetra manokana.

Andininy faha-17: Sokafana ao amin'ny «Paierie Générale» Antananarivo ny kaonty manokana antsoina hoe: «Crédit carbone REDD+» (création dans les écritures de la Paierie Générale d'Antananarivo un compte d'Affectation Spéciale intitulé «Crédit carbone REDD+»). Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tànana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-17.

Andininy faha-18: Fanomezan-dalana ny fandrotsahana ireo sazy tamin'ny antoka fangatahana napetraky ny mpangataka iray (autorisation du versement de toutes pénalités retenues sur une caution de soumission présentée par un soumissionnaire): Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tànana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-18.

Andininy faha-19: Fanomezan-dalana ny fandraisana tambiny ara-bola ho an'ny « Laboratoire des Mines de Madagascar » avy amin'ny fisahanan-draharaha ataony (autorisation de la perception, au profit du Laboratoire des Mines de Madagascar, de la rémunération de ses prestations):

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tàana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-19.

Andininy faha-20: Foanana manomboka ny taona 2021 ao anatin'ny sora-kaontin'ny Paierie Générale Antananarivo ny Kaonty manokana mitondra ny anarana hoe «Fonds de renforcement des Capacités» (supprimer dans les écritures de Paierie Générale d'Antananarivo, à compter de l'exercice 2021, le compte d'affectation spéciale intitulé «Fonds de renforcement des Capacités»): Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tàana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-20.

Andininy faha-21: fitrosan'ny Fanjakana Foibe sy trosa iantohan'ny Fanjakana Foibe (la dette publique et la dette garantie par le Gouvernement Central): Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tànana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-21.

Andininy faha-22: Mahazo alalana ny Tahirimbolam-panjakana handray tambim-pikirakirana ny solo-vola samihafa (Le Trésor public est autorisé à percevoir des commissions relatives aux nantissements et aux mutations des différents Bons du Trésor):

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tànana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-22.

Andininy faha-23: Ny Banky Foiben'i Madagasikara dia mahazo alàlana hanome Avansy ny Tahirimbolam-panjakana amin'ny taona 2021 (La Banky Foiben'i Madagasikara est autorisée à accorder des Avances au Trésor au titre de l'année 2021): Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tànana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-23.

Andininy faha-24: Ny Banky Foiben'i Madagasikara dia mahazo alàlana hampindrana ny fanampiana ho an'ny toedanjam-pifanakalozana ivelany amin'ny taona 2021 (La Banky Foiben'i Madagasikara est autorisée à rétrocéder à l'Etat les aides à la balance de paiement au titre de l'année 2021): Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tànana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-24.

Andininy faha-25: Omena alalana ny Fanjakana handray sazy ara-bola amin'ny fifanakalozana ara-bola vahiny (Il est autorisé la perception d'une amende administrative en matière de change):
Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tònana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-25.

Andininy faha-26: Fetran'ny findramam-bola (Plafond d'endettement):
Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tònana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-26.

Andininy faha-27: Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao
(La présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République):
Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io

- Tsy misy -

Izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera dia atsangano ny tànana

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faha-27.

Vita izay ny fijerena ny isan'andininy, ka hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny isika izao.

Amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao, ny andininy faha-48 ao amin'ny Lalàna Fehizoro Laharana faha-2004-007 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana no ampiharintsika.

Ny andininy faha-48 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana dia mamaritra ny fomba arahina amin'ny fandaniana ny tetibolam-panjakana, koa ezahintsika ny hanaraka izany antsakany sy andavany.

- Atsangano ny tànan'izay mahalany ny **tomban'ezaky ny fidiram-bola sy ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana (Equilibre Général du projet de Loi de Finances pour 2021)** (andininy faha-4)

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny tomban'ezaky ny fidiram-bola sy ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana.

- Izay mahalany ny **tomban'ezaky ny loharano sy ny fandaniana ny vola kirakira (moyens de Ministères et les autres dépenses affectées)** (andininy faha-5) «Tome 2, Annexes 4,6,7»

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny tomban'ezaky ny loharano sy ny fandaniana ny vola kirakira.

- Izay mahalany ny **fitambaran'ny iraka eo anivon'ny Minisitara rehetra (Repartition par Institution et Ministères)** (andinin'ny faha-6):

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny fitambaran'ny iraka eo anivon'ny Minisitara rehetra.

- Izay mahalany ny **sora-bolan'ny tetibola anankina sy ny kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana (Budget Annexe des postes et Télécommunications, Budget Annexe de l'Imprimerie Nationale, Les opérations des comptes particuliers du trésor)** (andinin'ny faha-9,10,11)

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany sora-bolan'ny tetibola anankina sy ny kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana.

Ny andinin'ny faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharintsika amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny ankapobeny moma ity volavolan-dalàna ity izao.

Izay mandany ity volavolan-dalàna laharana faha-016/2020, tamin'ny 30 oktobra 2020, momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2021 ity, atsangano ny tàmàna.

- Solombavambahoaka miisa 97 no nanaiky -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambarako fa lany volavolan-dalàna laharana faha-016/2020, tamin'ny 30 Oktobra 2020, momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2021.

Taorian'izay fandaniana ny volavolan-dalàna izay, omena fitenenana Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola raha toa misy teny tiany hambara. Omena anao ny fitenenana Tompoko.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena;
Ianareo Solombavambahoaka rehetra sy ianareo mpiara-miasa;
Tompokolahy sy Tompokovavy.

Voninahitra ho an'ny firenentsika ny nahavitantsika iny asa goavana iny ho fanomanana io taona ho avy io.

Heveriko fa afaka mirehareha isika, fa tsy asa kitoatoa izany asa nataontsika sanatrian'izany. Misy ny Filohampirenena izay mitarika antsika, mitari-dalana, masoandroa mitsilo ny lalantsika. Misy ihany koa ny Praiminisitra izay manitsy ny tokony hahitsy ary eo koa ny tenanay izay mitondra ny lafiny ara-teknika mba ahafahan'ny firenentsika misitraka ny fampandrosoana mendrika azy.

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, tsy ho lava teny izahay fa mankasitraka sy mankatelina satria izao asa vitantsika izao dia ho an'ny firenentsika, ho an'ny mpiray tanindrazana amintsika ary hiasa hanatanteraka izay nifanarahana isika rehetra.

Ho anareo mpiara-miasa kosa, tsy haiko ny tsy haneho fankasitrahana feno anareo satria tsy nandry alina sy tsy nandry andro ianareo, fa teo foana rehefa nisy nilana anareo. Niasa tokoa na ny "whatsapp" na ny "e-mail" na ny finday. Fantatra fa raha tsy nisy izay fifanomezan-tàmàna izay, tsy ho vita izao asa goavana izao. Tsy mora raha ny manao io asa fandrafetana ny tetibola io. Mino sy manantena izahay, fa eo ampanatanterahana ny tetibola vaovao amin'ny herin-taona no hifampitsarantsika sy hijerena izay tokony fanatsarana rehetra eo amin'ny fiasan'ny Antenimierampirenena satria ianareo no misolotena ny vahoaka.

Tsy ho lavateny intsony aho, fa mankasitraka sy mankatelina anareo rehetra, Tompoko.

Misaotra Tompokolahy.
Misaotra Tompokovavy.

- Tehaka -

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Alohan'ny hiatoan'ny fivoriana, tiako ny mampahafantatra fa efa tonga eto amintsika amin'izao fotoana izao ny ampahany betsaka amin'ireo volavolan-dalàna fankatoavana nandrasantsika avy tany amin'ny Governemanta. Misy amin'izy ireo no voalaza fa maika ka tonga dia hampidirintsika asam-baomiera avy hatrany amin'ny Alatsinainy 30 Novambra 2020 amin'ny 9 ora, maraina ary handraisantsika fanapahan-kevitra amin'ny fivoriambe amin'ny 4 ora, tolak'andro.

Araka ny efa tapaka tamin'ny fivoriambe natao tamin'ny Alarobia 18 Novambra 2020, raha vao tonga eto amintsika ireo volavolan-dalàna ireo dia ampidirina avy hatrany ao amin'ny fandaharam-potoana ary handraisana fanapahan-kevitra. Noho izany, miova arakan'ny fahatongavan'ny volavolan-dalàna eto amintsika ny fandaharam-potoana arak'iny vao nozaraina tamintsika teo iny.

Manao satroka, Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Mialohan'ny hamaranako azy, omena anao ny fitenenana, Andriamatoa Minisitry.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

Manao azafady, Ramatoa Filoha, fa lasa manapaka ny fitanisa nataonao teo aho. Somary nanao "recouplement" kely aho, omaly tany amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola, nosoniaviko teo imason'ny mpivory rehetra ny momba ny "carburant de 2 Milliards d'Ariary" fanampiny izay nolazaina hoe mbola hodinihana miaraka amin'ny Filohampirenena. Efa vita soa aman-tsara izany, Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, amintsika miteny izao.

Izay ihany no fanampiny tiako ambara, Ramatoa Filoha.

Misaotra Tompoko.

- Tehaka -

- Fiatoan'ny fivoriana -**Ramatoa FILOHA**

Tsy iadian-kevitra intsony angamba izay, fa samy naheno izany daholo isika rehetra.

Araka ny voalaza teny ambony, efa eny am-pelan-tànantsika ny fiovan'ny fandaharam-potoana. Hatao eto amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena, Tsimbazaza avokoa ny fivoriana rehetra afa-tsy ny "face à face" amin'ny Governemanta no hatao eny amin'ny CCI-Ivato satria maro ny mpikambana ao amin'ny Governemanta miampy antsika, ka mety hifaneritery mba hisorohana ny toe-pahasalaman'ny tsirairay.

Koa manentana antsika samy havitrika amin'ny fanatrehana ireo fivoriana ireo.

Miato hatreto ny fivoriantika.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Niato tamin'ny 9 ora sy 20 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

- Lakolosy -



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona